

ANTSIRABE

6

# ZAZALAHIKELY 3 TAONA MATY VOAHOSIN'NY KAMIAO

# Gazetiko

www.gazetiko.mg

## MARINA IZANY ! NOLALAOVINA NY SERASERA !

8

**BODO** 9



**MANOME TOKY HIJERY  
MANOKANA IREO MAREFO**

Laharana 7842 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 11 aprily 2024

**KITRA - DATSIRY** 16

**NISINTAKA TSY HILALAO  
AMIN' NY ELGECO PLUS**

**FILATSAHANA HO KANDIDA DEPIOTE** 7

**MPANAO POLITIKA MARO MPOMBA NY FITONDRANA  
SY MPANOHIRA VOATSIPAKA AMBAVAFO**

**FIFIDIANANA DEPIOTE** 7  
**FARANY FANATERANA DOSIE**

**NOLAVIN'NY HCC NY  
FANGATAHAN'NY AREMA  
HANEMORANA NY DATY**



**Tafa...sika** 3  
**ONJA (VADIN'I KEN)**

**"NY TIANA MAHA-SARO-  
PIARO FOANA FA..."**

**Telma** Sois **GIGA** **STYLE** **Net 4,5<sup>GO</sup>**

MONTH 25 000

25 000 Ar TTC Tapez le #322\*8#

RESEAU MOBILE LE PLUS RAPIDE DE MADAGASCAR

Offre valable 30 jours

GCL 800/25-8

**Mampifandray**  
@ireo havanao maneran-tany

Mandraisa vola avy any ivelany ao  
@compte MVola

• PARTENAIRES •




**MVola**  
GCL 801/13-5



## Rakotoarimanana Mahefa

## "Tsy ampy fanohanana ka lasa mihen-danja ny lalao fanorona Malagasy"



Izy no Rakotoarimanana Mahefa 40 taona nilalaovana fanorona ary in-14 nibata ny amboaran'i Madagasikara.

Mpilalao avy any amin'ny Vovonam-paritra ny Fanorona avy Antsirabe Vakinankaratra Rakotoarimanana Mahefa. Niatrika ny fifaninana nokarakarain'ny Vovonana Analamanga tetsy amin'ny laka Pergola etsy Antaninarenina izy omaly. Nambarany nandritra ny resaka nifanoavana taminy fa « Mihen-danja ny lalao fanorona malagasy amin'izao fotoana izao fa tsy tahaka ny taloha intsony. Tahaka ny vakoka sy ny kolontsaina rehetra misy eto amintsika dia anisan'ny nitana ny lalao nentin-drazana ary manao izay hampiroboro ny lalao fanorona ny mpilalao sy ny mpitarika indrindra ny filohan'ny Vovonana Fanorona Malagasy saingy ny mpanohana no tsy ampy mba tsy hilazana hoe tsy misy mihitsy » Ankilany mety ho isan'ny mampihen-danja ny fanorona ihany koa ny fitobaky kilalao amin'ny tambajotra sy ny interinety sy ny kolontsaina avy any ivelany izay mahasarika tanora maro amin'izao fotoana izao ka manadino ny nentin-drazana. Nomarihan-dRakotoarimanana Mahefa fa « na teo aza izany dia tsy nitsahatra ny nampianatra sy nitondra ny traikefany ho an'ny tanora Malagasy izy ka izany no mbola tsy nahapotika ity lalaontsaina nentin-drazana ity ». Mbola eo am-pikarohana izy ary nambarany fa tsy tapitra ny lalan'ny fanorona. Nanomboka tamin'ny 1990 ka hatramin'ny 2011 dia i Mahefa no tompondakan'i Madagasikara tamin'ny lalao fanorona. Tsy nety nandray azy ho isan'ny mpanandray anjara amin'io tompondakan'i Madagasikara io intsony ny federasionina taorian'io ka teo no nikiliasiana azy ho isan'ny atao hoe « Mazana ». Notsiahivina tamin'izany fotoana izany ny loka hatolotra ny mpanandray anjara dia omby matavy na sandam-bola mitovy aminy sy zavatra maro hafa. Nihena hatrany anefa izany taty aoriana satria nihena am-pitoerana ihany koa ny mpanohana. Amin'izao fotoana izao dia mianto-tena (saran-dalana, sakafo sy trano) ny tompondaka isam-paritra rehefa hiatrika lalao ka miteraka fahalainana ho an'ny mpanakafy. Manana minisitera mpiahy dia ny minisiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina ny Fanorona Malagasy kanefa mahatsiaro ho lasa anjorom-bala tsy tahaka ny kanto sy ny kolontsaiana hafa izy ireo.

## Mendrika ho tolora medaly

Marihana fa 40 taona nilalaovana fanorona Rakotoarimanana Mahefa ary in-14 nibata ny amboaran'i Madagasikara. Maro ny tanora efa nofanina teo amin'ity Lalao fanorona ity ary ny ankabeazan'izy ireo dia efa tena lasa mpikaroka momba ny fanorona daholo. Betsaka ihany koa no tafiditra ho isan'ny « Fanantenana » sy « Tsiry » toa an-dry Zama, Todisoa, Tolotra ary Laza. Anisan'ny niara-nanandratra ny lalao fanorona tao Antsirabe Vakinankaratra ohatra ny Dany (efa maty), André, RaJean Louis, Rabernard (90 taona). Hatramin'izao anefa dia mbola tsy nisy nahatsiaro izy ireo ary mbola tsy notolorana izany mariboninahitry ny kanto izany. Niangavy ny tomponandriakitra sy ny Minisitera mpiahy azy ny mpilalao fanoroana mba hijery ka ahatsiaro azy ireo amin'ny ezaka vitany teo amin'ny fampiroboroana ny lalao Fanorona Malagasy.

Tiaray R

## Lalao Fanorona Malagasy

## Nisongadina ireo tanora vao misondrotra sokajy "Fanantenana"

Vovonana Fanorona

Vakinankaratra ihany no nahatonga solontena ny avy any amin'ny faritra.

Tontosa omaly tetsy amin'ny Laka Pergola Antaninarenina ny Fifaninana Lalao fanorona nokarakarain'ny Vovonana Fanorona Analamanga izay nandrisan'ny teto Analamanga sy ny avy any amin'ny faritra anjara. Lalao Open moa no nitondrana ny fifaninana ka afaka nandray anjara daholo ny rehetra. Nisongadina nandritra ny lalao ireo ao amin'ny vondrona sy sokajy Fanantenana satria nisy tamin'ireo voky traikefa na atao hoe Mazana no lavon'izy ireo. Telo mirahalahy moa no nanao ny famaranana taorian'ny manasadalana ka ny raikipohy « triangulaire » no nitondrana azy ka izay be isa tamin'izy telo lahy no nahazo ny loka voalohany. Ly Rakotomalala nahazo izany ka nibata ny 200 000 ariary. Teo amin'ny laharana faharoa i Mahefa



Mpilalao 24 no nandray anjara tamin'ny lalao fanorona open nokarakarain'ny Vovonana fanorona Analamanga.

izay nibata ny lelavola 100 000 ariary ary teo amin'ny laharana fahatelo Rabesahala izay nibata ny lelavola 50 000 Ariary. Marihana fa 24 no nandray anjara tamin'ity lalao ity. Vovonana Fanorona Vakinankaratra ihany no nahatonga solontena ny avy any amin'ny faritra. Lalao izay hanomana sahadry ny fiadiana izay

ho tompondakan'i Madagasikara amin'ity taona 2024 ity. Nambaran'ny Filohan'ny Vovonana Fanorona Analamanga Andriamampianina Lanto harifetra fa mbola betsaka ny lalao ho karakarina eo am-piandrasana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara saingy mila fiaraha-miasa amin'ireo izay malala-tanana sy ireo

mpanohana ny kolontsaina malagasy izany. Tamin'ity omaly ity dia tanora maro no nandray anjara ary ny hanandratra azy ireny amin'ny avo kokoa no tena tanjona. Nilaza ho afa-po moa ny mpikarakara na teo aza ny fahasahiranana amin'ny fikarakarana lalao tahaka izao.

Tiaray R

## Nan's Prod

## Vonona hampakatra avo ny talentan'ireo mpanakanto vao misondrotra

Manan-karena ara-kolontsaina sy ny vakoka tsy manampaharoa i Madagasikara. Tany lonaka sy azo trandrahana tsara ho an'ny mpanakanto vao misondrotra sy manan-talenta izany ary tokony hampiroboroana mba hiakarakany amin'ny toerana ambonny kokoa. Izany indrindra no antom-pisian'ny Nan's Prod dia ny hitrandraka ireo talenta vao eo amin'ny famoronana mozika mba hitari-dalana azy ireo ho resy lahatra mba sehatra matihanina kokoa sy hanampy azy ireo amin'ny lalana izay alehany amin'ny fikarakarana fampisehoana indrindra amin'ny sehatry ny lalambarotra sy tenan'ny amin'ny alalan'ny indostrian'ny mozika. Fantatra izany nandritra ny resaka nifanovan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety tetsy Anosy. Samy manana traikefa mihoatra ny 10 taona eo amin'ny sehatry ny mozika avokoa ireo mpikambana mandrafitra ny NAN'S PROD, manomboka eo amin'ny famoronana ka hatramin'ny famokarana. Ratsimbason



Mpanakanto 5 ahitana an'i Jack'Dad, RinY, Tsiok'Ampita, Olo Blaky ary i Mashmanjaka nahavita sonia fiaraha-miasa amin'ny Nan's Prod.

Natacha no tela jeneraly fa anisan'ny manana ny andraikiny goavana ihany koa ry Maximin Njava, Jeffrey, Andrianasolo Li Rakotoson Herinaivo, Raelina Noah, Ralambo Tsiory ireo teknisianina mandrafitra ny Nan's Prod. Ny Talata teo, mpanakanto 5

mivoy gadona sy mozika samihafa no nahavita ny fifanoavan-tsonia fiaraha-miasa tamin'ny Nan'S Prod ary vonona hiara hiasa amin'izy ireo manomboka izao. Anisan'izany i Jack'Dad, RinY, Tsiok'Ampita, Olo Blaky ary i Mashmanjaka. Ny Talata hariva teo ihany moa

dia efa nisy ny fampisehoana nokarakarain'i Nan's prod tao amin'ny Kudeta Urban Club etsy Anosy niarahana tamin'izy ireo. Mbola hitohy ny asabotsy izao izany ary ao amin'ny Kudeta no hanaovana ny fampisehoana.

Tiaray R



# Tafa...sika

Onja (vadin'i Ken)

## "Ny tiana maha saro-piaro foana fa saingy mila mahay mandanjalanja izany"

Onjaniana Ranjanoro. Vadin'i Ken, mpanakanto anisan'ny sangany eto amintsika. Filoha mpanorina ny fikambanana vehivavy Ladies Aina Iray, izay manao asa soa eto amintsika i Onja ankoatra ny maha mpandraharaha azy. Manohana sady miaradia amin'ny kandida depiote eo amin'ny Boriboritany voalohany izy. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :

**Gazetiko :** Ahoana izany hoe vadina artista malaza izany ? Ianao koa ve mpihira ? Mba tantarao hoe ahoana ny nifankahitanareo roa ? Firy kay ny zanakareo ? Firy taona izao no nivadianareo ?  
**Onja :** "Vadina artista malaza ! Toa ny olon-drehetra ihany, fa lasa fantatr'olona kokoa fotsiny no maha samihafa azy. Tsy mpihira mihitsy aho ary tena tsy mahay mihira aza. Ny fomba nifankahalalanay ve ? Tao anatin'ny tontolon'ny mozika sy ny rock ihany no nifankahalalana sy nifankahitana. Mpamokatra mpanakanto indrindra ny mpiangaly mozika rock ny dadako tamin'ny fotoan'androny. Tsy nisy tsy nahalala an'izany Ndrina ATAMOB izany angamba. Mirahavavy ny zanakay ary efa 14 taona izao no nivadianay".



indrindra tsy mijery telefonin'ny Ken.

Izaho sy ny zanako no mpanohana voalohany an'i Ken. Ary tena manohana tsy misy fepetra na tambiny na amin'ny maha mpanakanto azy na amin'ny lafim-piainana iray manontolo".

**Gazetiko :** Manana fikambanana mpanao asa soa ianao hoe Ladies. Oviana no nitsangana io fikambanana io ? Inona izany no tanjon'ny fikambanana ? Firy ny mpikambana ? Inona no tetikasanareo ato ho ato ?

**Onja :** Eny, izaho no filoha mpamorona sy mpitarika ny fikambanana Ladies Aina Iray. Tamin'ny taona 2019 no natsangana ny fikambanana, izay manao asa soa. Mirona kokoa amin'ny fiahiana ny reny sy ny zaza marefo indrindra ireo reny

maha olom-pirenena anao ? Inona no antony nandraisanao fanapahan-kevitra amin'io vinanao io ?

**Onja :** Amin'ny maha filoham-pikambanana dia ny hampiroborobo ny fikambanana voalohany; fa indrindra koa ny hahafahana mijery sy manampy ireo sahiranamarobe. Amin'ny maha vadina mpanakanto malaza, ny fanohanana azy lalandava amin'ny mozika sy kanto zay ataony.

Amin'ny maha renim-pianakaviana, fahafenoana eo anivon'ny ankohonako, fahafenoana amin'ny maha olombelona volohany. Olombelona feno fahazavana sy salama izany, ary fahafenoana sy fahatsarana amin'ny lafiny rehetra. Ny antony izany vina izany, hanjakany mazava ao anatin'ny tsirairay. Rehefa mitoetra ilay Hazavana dia fitiavana sy fahombiazana no setriny. Amin'ny maha olom-pirenena, mandray andraikitra feno. Atao ahoana no hijerena fotsiny izao ngidy sy mafy indrindra hianany Malagasy izao ? Rehefa mitovy ny fijery entina hampandrosoana ny mpiara-belona sy Madagasikara. Tena ilay adidy masina ho an'ny Firenena no resahiko ary indrindra amin'izao kihon-dalana hoany tantaram-pirenena izao dia tsy misalalala aho mitondra ny anjara biriky ka izany indrindra no nanekeko hiaradia sy hanohana lisitra iray milatsaka ao amin'ny Boriboritany 1, izay misy ahy amin'ny fifidianana solombavambahoaka ho avy izao.

**Dinika nifanaovan'i Fy**

## Banga iray indray ny "Malok'ila" Nodimandry omaly i Emmanuel, mpilalao tao amin'ny Scoop



"Malok'ila", "Adisanina" no sombiny amin'ny filma nolalaoiviny.

"Feno a ! tsy raharahin'i Emmanuel hono ialahy!", hoy Rajao. "Pasitera, hakariko any amin'ny biraom-piangonana io a", hoy izy. Anisan'ny teny hahatsiarovana an'Andriamahafa Emmanuel, fantatra amin'ny anarana hoe Emmanuel, tao anatin'ny filma "Malok'ila" ireo. Anisan'ny mpanolontsain'ny kaominina Soalandy Ankadivoribe izy, ankoatra ny maha mpampianatra azy. Nodimandry omaly alarobia 10 aprily 2024 teo amin'ny faha-63 taonany ity kintan'ny sarimihetsika malagasy ity. Araka ny fanazavana, efa ela no nolazon'ny aretina i Emmanuel. Fa no ho ny fijanonan'ny fo tampoka, vokatr'ilay aretina nahazo azy ihany no fantatra nitarika fahafatesany omaly tao an-tranony tao Ankadivoribe ihany. Mikasika ny programa, andrasana any an-tranony any Ankadivoribe ihany ny razana hatramin'ny sabotsy 13 aprily 2024, hanaterana azy eny Ambohipanja lalafy. Rahampitso zoma 12 aprily amin'ny 6 ora hariva kosa no voalaza fa hiaradia hamangy azy any an-toerana ireo mpilalao sarimihetsika sy artista niaraka niriaria taminy sy izay vonona amin'izany.

### 17 taona lasa izay

Araka ny fanazavan'Atoa Mamitiana Razafimandimby, tale jeneralin'ny Scoop Digital hatrany. Tamin'ny taona 2007 no niditra nilalao sarimihetsika tao amin'ny Scoop Digital, nilalao an'i "Malok'ila" i Emmanuel. "Nisy fifantenana nataonay, dia anisan'ireo voaray hilalao izy. Mpampianatra taranja matematika tany Ankadivoribe izy ary nonina tany. Mpilalao sarimihetsika be vazivazy izy fa rehefa andavanandro mipetraka ho matotra amin'ny maha mpampianatra azy. Anisan'ny mampiavaka azy ! Rehefa misy anjara toerana omena azy, tsy manana ahiahy mihitsy izahay fa vitany tsara mihitsy. Izy ihany koa sady mahay mihira no mahay mitendry no mpamorona-kira ihany koa. Nisy fotoana izy niaraka tamin'ny Rajao mianakavy, dia misy hira noforoniny ho an'ny tarika. Tamin'ny 2016 izy no nilalao farany tao anatin'ny Safelika", hoy izy. Nambarany ihany koa fa no ho ny fankafizan'ny mpitia sarimihetsika an'i Emmanuel, maro be ireo nanao tolo-tanana ho azy tao anatin'ny fandefasana ny "Malok'ila Grand retour". "Ametrahanay vata fandraisana rakitra isaky ny mandefa filma izahay fa tena mampihetsi-po ny fihetsiky ny olona mandrotsaka rakitra ho azy, izay isaorana azy ireo", hoy ihany izy.

Fy

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

\* Lamba, poketra, kojan-dakozia, bisikileta, machine, kahie, debara sns. Mm SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-2)

\* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-7)

### A VENDRE

\* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-4)

### COURS

\* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-7)

### FAMPIANARANA

\* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-2)

### MAMPIANATRA

\* Mampianatra sary. Manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-1)

### VIDANGE

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-18)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-1)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-1)

\* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-1)



Vohipeno

# Roa lahy maty tsy tra-drano rehefa avy nanolana zaza tsy ampy taona

Ny mponina mmodidina avy amin'io fokotany io no naheno ny tarainan' ilay zazavavy.



Voamarina fa voalana avy ao aoriana sy aloha ilay zazavavy 12 taona mipetraka ao amin'ny Fokontany Vohilava, kominina Mahabo distrikan'i Vohipeno. Omaly tokony tamin'ny 3 ora maraina no niditra an-tsokosoko naka an-keriny azy ireo olon-dratsy. Nentiny tany amin'ny mangingina, niala ny tanàna. Avy eo nanamparany ny filandrantsy. Simba tanteraka ny maha vavy an'io zaza io, araka ny fizahana nataon'ny mpitsabo. Toa mbola tsy nahatsiaro tena ihany koa aza izy. Na izany aza fantany ireo olona nahavanona ilay asa ratsy. Telo lahy izy ireo raha ny fanazavana ary samy mponina ao an-toerana ihany. Rehefa natao ny fikarohana dia trahetaka ny roa lahy fa ny anankiray mbola afaka nitsoka. Araka ny fanazavana

dia teny an-dalana ho entina any amin'ny biraon'ny zandary ireo roa lahy ireo no nanararaotra nitsaoka ka voatery notifirina, rehefa nanaovana tifi-danitra fampitandremana kanefa tsy nety nijanona. Toy izao ny tena zava-nisy araka ny fitantaran' ny mponina any an-toerana. Tao an-tranon'ny Ray aman-dReniny ihany io Zaza io no natory ny alina. Nisy olona

niditra an-tsokosoko nibata azy nivoaka tao. Ireo olona ireo no nitondra azy tany amin'ny toerana tokony 400 metatra miala ny toerana fonenany. Izany hoe efa manakaiky ny fokontany Vohipatsy ny nanaovan'ilay olon-dratsy ny fanolanana.

**Feno rà**  
Ny mponina manodidina avy amin'io fokotany io no naheno ny tarainan'ilay

zazavavy. Nivoaka ny olona nizaha azy sady avy hatrany dia nampadre ny reniny sy ny lehiben'ny fokotany. Ireo olona ireo ihany koa no mbola nitondra an'ilay zaza namonjy ny hôpitaly Henitsoa Vohipeno. Nidina teny amin'ny hôpitaly nijery ny zava-nisy ihany koa ny Lehiben'ny zandary ao an-toerana. Tao anatin'izany dia voalaza fa efa nahatsiaro tena tsara ilay zaza saingy mbola tsy tompon'ny tenany sady mbola tsy mazava tsara ny resany. Natao ny fikarohana an'ireo nahavanondoza ireo teny amin'ny fokotany nitrangan'ny fanolanana. Nandritra ny fanadihadiana dia fantatra ireo lehilahy nanolana ireo. Mbola feno rà ny lamban'izy roa lahy rehefa natao ny fisamborana. Nasaina hanoro an'ilay namany anankiray moa ry zalahy no nandositra teo akaikin'ny tanàna atao hoe Ambabo, kaominina Vohitsindry. Noho io dia voatery nitifitra azy ireo ny mpitandro filaminana.

Deyland

Antsalova

# Polisy kaominaly nitifitra nahafaty olona

Nilaza ny tsy hanaiky ny fianakavian'ny maty fa hitory eny anivon'ny mpitandro ny filaminana ary hampakatra ny raharaha eny anivon'ny fitsarana mikasika ilay raharaha tifitra nataon'ny lehilahy polisy kaominaly tao Antsalova. Ny alatsinainy teo ity tranga ity tao amin'ny Kapoma Ambalabadika fokontany Bevoay distrikan'Antsalova. Lehilahy iray sahabo ho 33 taona no voatifitry ny dahalo. Hindrana sarety any Besaraha io olona io no nisy nanakana teo amin'ny sakelidrano Besaraha. Notifirin'ireo olon-dratsy ireo izy ka voa tamin'ny feny havia. Rehefa nanatona azy ireo dahalo nijery dia nilaza fa tsy ilay olona notadiavin'izy ireo ilay voatifitra. Niala moramora ireo olon-dratsy fa tsy nikasika azy intsony. Nentina notsaboina taty Masoarivo ary mbola manohy ny fitsaboany ilay naratra tamin'izany. Samy taitra ny fokonolona tao Bevoay sy Besaraha ka nanao fanarahan-dia ny maraina Lehilahy iray voalaza fa malaza ho mpiray tsikombakomba mpamoaka ombin'ireo dahalo no nifanena tamin'ny fokonolona tao amin'ny sampanan-dalana atao hoe « croisement » Bevoay sy Besaraha. Tamin'io fotoana io dia anisan'ny nananao ny fanarahan-dia ilay polisy kaominaly iray. Ity farany izay tsy nisalasala nitifitra an'ilay lehilahy voalaza etsy ambony ka nahafaty azy. Mbola mitohy moa ny fanadihadiana ny raharaha satria araka fantatra dia tsy hanaiky ny fiakavian'ny maty. Mampiahiahy ihany koa ny toe-draraharaha satria anisan'ny olona mafana fo amin'ny fanarahan-dia io namoy ny ainy io. Ahiana araka izany sao natao fanahiniana novonoina izy. Rafozan-dahiny ihany koa ilay lehilahy nitondra sarety notifirin'ny dahalo etsy ambony. Rehefa nanotanian'ireo andian'olona ireo ihany koa io olona io dia nilaza fa mpanara-dia saingy mbola notifirin'ilay polisy kaominaly ihany. Izany hoe ahiana ho fomba natao mba hanakanana ilay fanarahan-dia an'ireo dahalo no nahatonga azy nitifitra an'io olona io, hoy ny fanazavan'ireo mponina any an-toerana. Andrasana ny tohin'ny fanadihadiana.

Deyland

Vangaindrano

# Kandida depiote nidoboka am-ponja, mitaky hamoahana azy ny vahoaka

Mafana ny raharaha politika ao Vangaindrano ao. Raha ny loharanom-baovao azonay dia 9 mianadahy mianaka ireo kandida nandrotsaka ny antontan-taratasy ny amin'ny « OVEC », hila-tsaka ho fidina solombavambahoakan'i Vangaindrano. Anisan'ireo ny kandida avy amin'ny antoko tsy miankina antsoina hoe Mahavitara Sylvestre na koa hoe Tarà. Ity farany izay naiditra am-ponja vonjimaika any Antanimora rehefa avy niakatra fampanoavana tamin'ny alatsinainy teo. Ny birao mahaleontena miady amin'ny kolkoly na ny « BIANCO » no nanao ny fanadihadiana azy, izao izy



Ilay kandida naiditra am-ponja vonjimaika.

miandry ny fitsarana any am-ponja izao na dia efa vonona handray anjara amin'ny fifidiana ho avy izao. Tsy faly ny vahoaka, ny ray aman-dreny, Ampanjaka, ireo fokonolona

manohana an'i Mahavitara Sylvestre. Nanao fanambarana hamoahana tsy misy hatakandro an'ilay kandida izy ireo. Raha tsy izany dia hiroso amin'ny hetsika ambonimbony kokoa. Hihafaty araka izany ny toedraharaha ao Vangaindrano ao raha tsy havotsotra ity mpanao politika ity. Raha ny fanazavana dia anisan'ny olona mamim-bahoaka ao an-toerana izy satria nahavita asa sosialy maromaro ka io no mahatonga azy ho tohanan'ny maro an'isa amin'izao fifidianana depiote izao. Na izany aza araka ny angom-baovao dia ny Bianco no mandray an-tanana ny

raharahany, satria voarohirohirohy ho nanao fanararao-tam-pahefanany tenany, eo koa ny fitomboana harena tampokanailayhoe « enrichment illicite »...sns ka io no hanenjehana azy.

**Nirohotra**  
Raisin'ny mponina ho resaka politika izao fanagadrana azy izao ka io no fototry ny olona any an-toerana. Ny alatsinainy teo dia efa nivory ny mpikambana avy amin'ny antoko misy an'i Mahavitara Sylvestre. Taorian'izay izy ireo dia niaraka nirohotra namonjy ny distrika izay akaiky ny CENI nametraka taratasy mitaky ny hamoahana azy tsy misy hatak'

andro. Voalaza ihany koa fa tsy tompon'antoka amin'ny korontana hisy ao Vangaindrano sy ny foko Antesaka manerana ny Nosy izy ireo raha tsy havoaka ity kandida ity. Nanamafy ihany koa ireo Antesaka telo troky (Rabehava, Zafimananga, ary Zafimahavaly) tarihin'ny Ampanjaka isan'isany fa tsy hifidy an'i kandida iray izay nambaran'izy ireo fa anisan'ny nitony an'ity Tarà ity hatrany. Fantatra fa marobe ireo olona manaraka an'ireto olobe ao an-toerana ireto satria alefa amin'ny onjam-peo ny fiantsoana sy ny hetsika rehetra hatao.

Deyland

## MANAL'AZY DE MI'MEME





# Forello Expo

Coorganisateur



Ministère des Transports  
et de la Météorologie



**3<sup>ème</sup> EDITION**

**SALON**  
INTERNATIONAL  
TRANSPORTS  
LOGISTIQUE  
MANUTENTION

MADAGASCAR

**11 12 13 14** **AVRIL 2024**  
Parc des Expos Forello Tanjombato

**Parrains**



**Sponsors**



**Partenaires**



**Médias**






Antsirabe

# Zazalahikely 3 taona maty voahosin'ny kamiao

Lozam-pifamoivoizana naha-fatesana olona indray ity nitranga tao Antsirabe omaly antoandro. Zazalahikely iray no maty tsy trà-drano voahosin'ny kamiao tao amin'ny fokontany Andrefan'i Star mihazo ny làlam-pirenena faha-34 iny. Araka ny fanazavàna azo, raim-pianakaviana iray nitondra zaza roa tamin'ny môtô no trà-doza ka tafasitrika tao ambany kamiao. Raha ny fanazavàna azo dia nifandona tamin'ilay kamiao ilay môtô dia io no niafarany. Maty tsy trà-drano voahosin'ilay kamiao ilay zazalahikely vao telo taona monja. Naratra mafy kosa ilay rangahy sy ilay zaza iray ka efa nalefa notsa-



Ilay kamiao !

boina any amin'ny hopitaly. Taitra avokoa ireo olona teo

amin'ny manodidina raha nahita ity tranga ity ka nitango-

rona nijery izany. Nifamonjena haingana ireo olona naratra fa ilay zaza iray kosa teo noho eo ihany dia tapitra ny ainy ka tsy nisy azo natao taminy intsony. Tonga nijery ny zava-nitranga teny an-toerana avy hatrany ny mpitandro filaminana raha vao nandre ity lozam-pifamoivoizana ity ka efa mandeha ny fanadihadiana amin'izao. Tena mila mitandrina mihitsy rehefa mitondra zaza amin'ireny kodiaran-droa ireny indrindra fa mbola zazakely toy izao. Tsy ampoizina akory mantsy ny fiavian'ny loza ka aleo misoroka foana satria ny aina tsy ananam-piry e !

R.C

Mahitsy

# Fasana 6 nisy namaky, razana 30 mahery very

Fasana enina nifanakaiy toerana indray no nasesin'ny jiolahy novakiana ny alin'ny Talata lasa teo tao Bevomanga, fokontany Andrefambohitra, kaominina Mahitsy. Tsy nisy nahita na nahatsikaritra ny zava-nitranga fa olona sendra nandalo vao maraina teo amin'ilay toerana no taitra raha nahita ny fahavakisan'ireo fasana ireo. Nampandre

*Misesisesy mihitsy ny vaky fasana any amin'iny faritr'i Mahitsy iny.*

haingana ny mponina teo antanàna io. Nantsoina avy eo ny tompom-pasana ary nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Rehefa natao ny fitsirihana ifotony teny an-toerana dia hita fa efa

nisokatra avokoa ireo fasana. Nojerena avy eo ny tao ampasana ka ireo lamban-drazana nikorontana no hita. Saika tapitra lasan'ireo olon-dratsy avokoa ny razana tao anatin'ireo fasana ireo, izay miisa telopolo mahery eo raha ny vaovao hatrany. Naparitany tao am-pasana kosa ireo sisa tsy nilainy toy ny karan-doha niaraka tamin'ny lamba satria ireo taolan-dava ihany no tena nalain'ireo mpangalatra taolam-paty.


Tsy fantatra

Mihorohoro tanteraka ny mponina any an-toerana manoloana ity firongatry ny vaky fasana ity. Misesisesy mihitsy mantsy ny vaky fasana any amin'iny faritr'i Mahitsy sy ny manodidina iny tato anatin'ny volana maromaro izay. Efa manao ny ezaka rehetra hiadiana amin'izany ny mpitandro filaminana any an-toerana ka nisy ny efa voasambotra saingy izao mbola mitohy izao foana izany. Hatreto dia mbola tsy fantatra ny tena ati-doha mpikotrika ity vaky fasana sy halatra taolam-paty ity fa eo ampasana ny fanadihadiana sy ny fikarohana tanteraka ny mpitandro filaminana amin'izao. Tombanana ho efa tambazotra matanjaka mihitsy izy ity satria efa maro izay halatra taolam-paty niseho izay raha ny tany amin'iny faritry iny fotsiny.

R.C

Mahazo

# Fiara mpitondra marary sy mpitatitra fako nifandona, olona 5 naratra



Samy nahitana fahasimbana ireo fiara nifandona.

Fiara mpitondra marary sy mpitatitra fako no nifandona afakomaly tokony ho tamin'ny 10 ora alina teny Mahazo. Vokany : olona dimy no naratra vokat'izany izay olona tao anatin'ilay fiara mpitonra marary avokoa ka ny iray tamin'izy ireo no fantatra fa tena voa mafy izay mpamilin'ilay fiara. Avy any Ampasapito ary nitodi-doha ho any amin'ny lalana mankany Ambohimangakely ilay fiara mpitondra marary tamin'io

fotoana io no nifandona tamin'ny fiara be mpitatitra fako izay hihazo an'Ampasapito teo amin'ny sampanan'i Mahazo. Dia io nandratra ny olona dimy tao anatin'ilay fiara nitondra marary io ka ny iray tamin'ireo ny mpamily ary ny efatra kosa olona nentiny tao anatiny. Samy nahitana fahasimbana goavana ihany koa ireo fiara roa nifandona ireo. Nandeha avy hatrany nankany amin'ilay toerana nitrangan'ny loza ny mpitan-



dro filaminana raha vao nahare mikasika ity lozam-pifamoivoizana ity.

Tsy nahitana mpitsabo

Araka ny fanazavàna azo dia nahenoana fofon'alikaola ny mpamilin'ilay fiara mpitondra marary. Fantatra ihany koa fa tsy nahitana mpitsabo na mpitsabo mpanampy tao anatin'ilay fiara fa ireo olon-tsotra efatra ireo. Araka ny fanazavàna hatrany dia nilaza ny mpitondra fiara iray nanaraka azy tao aorianany

fa efa nandona ny fiarany teny Ampasapito io fiara mpitatitra marary io. Efa nentina namonjy toeram-pitsaboana ireo olona naratra taorian'izay ka ny telo nalefa notsaboina teny amin'ny hopitaly HJRA ary teny amin'ny Homi kosa ny roa ambiny. Manoloana ity lozam-pifamoivoizana ity dia nalain'ny mpitandro filaminana avokoa ny taratasy mombamomba ireo fiara roa ireo.

T.H

Behintsy

# Entan'ny orinasa afak'haba navoaka an-tsokosoko, olona 10 voasambotra

Fitaovana tao amin'ny orinasa iray eny Behintsy no nisy nangalatra ka olona folo no voasambotra vokat'zany ny alatsinainy lasa teo. Nahazo loharanom-baovao ny polisy miasa ao amin'ny kaomisaria eny Alasora fa misy mangalatra fitaovana tao amin'ny fitoeran'entan'ny orinasa iray teny amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Avoakan'ireo olon-dratsy an-tsokosoko ireo entana ireo. Raha vao nandre izany ny polisy dia nandray ny andraikiny avy hatrany ka nametraka ny paikady rehetra hanaovana vela-pandrika an'ireo olon-dratsy. Dia voasakana ny fiara fitateran'ireto farany ny entana halatra. Nandritra ny fisavana ny fiara dia tratra tao ny fitaovana fampiasa amin'ny orinasa afaka haba miisa 12. Sarona tao ihany koa ireo olona folo ireo. Ireto farany izay fantatra fa mpividy ireo entana halatra ireo. Taorian'izay dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ireo voasambotra ary nentina tany sy nogiazana ihany koa ilay fiara. Mitohy ny famotorana.

T.H

Ankadinandriana

# Nodoran'ireo jiolahy ilay trano avy notafihiny

Nisehoana fanafihan-jiolahy tany amin'ny tanàna iray antsoina hoe Antanimenakely ao amin'ny fokontany Antanimarina ao anatin'ny kaominina Ankadinandriana, distrikan'Avaradrano ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany alina. Trano iray mitokana irery no nataon-dry zalahy lasibatra ary tsy vitan'izany fa mbola nodoran'

izy ireo ihany koa io trano io rehefa vita ny asa ratsiny. Araka ny fanazavàna dia andian-jiolahy manodidina ny dimy eo, tsy misy manao saron-tava no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany amin'ity toerana iray. Tsy nitondra fitaovam-piadiana izy ireo fa vato no nampiasainy. Vantany vao tafiditra tao amin'ilay trano ry zalahy dia

naka izay tiany nalaina ka lasan'izy ireo tamin'izany ny bisikleta, akoho amam-borona 14 isa ary omby roa. Tsy avy hatrany dia lasa nandeha anefa ry zalahy rehefa azony avokoa ireo fa mbola nodorany ihany koa ny trano nataony lasibatra. Nizotra nianavaratra ny dian'izy ireo mankany amin'iny faritr'i Tsiarafy iny. Marihina fa tsy

nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity asa ratsy ity. Efa nisy nampandre ny mpitandro filaminana ka tonga tany an-toerana nanao fizahana ifotony sy nanampy ny fokonolona tamin'ny fanarahand-dia. Nentanina ihany koa ireo olona ireo hanohy hatrany ny fiambenana ary tsy hitokamonina.

T.H



Ilay fiara sy ireo entana tratra tao anatiny.







Antoko RDS

# Mitanila ny HCC raha tokony ho aro fanina hanara-maso ny tsy fanarahan-dalàna

Nitondra ny heviny manoloana ny fanomana ny fifidianana depiote ny filohan'ny antoko Roso ho amin'ny Demôkrasia na tsy nanolotra kandidà aza.



Ny filohan'ny RDS, Fetison Rakoto Andrianirina.

Tsy afaka nanolotra kandidà hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina amin'ny 29 mey ho avy izao ny antoko RDS (Roso ho amin'ny Demôkrasia), noho ny sakana ara-bola vokatra ny fidangan'ny antom-bola tambin'ny filatsahan-kofidina napetraky ny mpitondra ankehitriny an-daniny. Ary ankilany, noho ny tsy fisian'ny ezaka fanatsarana ny ton-tonon'ny fifidianana sy ireo rafitra mpikirakira fifidianana. Na izany aza, nanamarika ny filohan'ny RDS Fetison Rakoto Andrianirina

fa takian'ny antoko hatrany ny fampiharana ny demôkrasia sy ny fanajana ny soa toavina ary ny fitsipika fampihatra anaty tany tan-dalàna sy firenena tsara tantana. Ireo feopetra ireo izay tsikaritra ho mbola tsy tanteraka, hoy Ny filohan'ny RDS ary ny tena mahavalalanina aza dia miharihary fa mitanila amin'

ny mpitondra ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana izay tokony ho arofanina sy napetraka manokana hanara-maso ny tsy fanarahan-dalàna.

**Mivangongo am-pelatanan'olon-tokana!**  
« Tsy ho tanteraka ireo fanatsarana tanisaina eo

ambony ireo raha mivangongo eo ampelatanan'olon-tokana na vondron'olombitsy ny fahefana rehetra ary izay no antom-panaovana ny fifidianana ho solombavambahoaka ankehitriny », hoy ihany ny filohan'ny RDS. Nomarihin'ny RDS fa tandindomin-doza, noho ireo antony tanisaina eo ambony ireo ny fototra iorenan'ny demokrasia sy ny fametrahana ireo solontenan'ny vahoaka, vokatra ny fanilahana an-kolaka ny mpanohitra ataon'ny mpitondra ka tsy nahafahan'ny akamaroan'izy ireo mandray anjara amin'ny zotram-pi?dianana. Na izany na tsy izany, tsy ho kivy ny RDS fa hijoro hatrany, hanentana ny Malagasy handray anjara amin'ny fifidianana izay ho solontenany eny amin'ny Antenimierampirenena, hisian'ny fifandangan-kery, ho « aro fanina » fa tsy ho sakana ho an'ny fandrosoana sy ny fampandrosoana ny firenena. **V.R.**

## Marina izany ! Nolalaovina ny serasera!

Ny tsikaritra mialoha ny fametrahana ny dosie filatsahan-kofidiana dia nolalaovina ny serasera, tsy nahafantarana hoe iza marina no ho kandidà atsy an'anona. Iza no hatolotra amin'ny anaran'ny antoko ary iza no voatosibohon-tanana? Ny noezahana nafenina kosa anefa, saingy tonga amin'ny fomba fiteny hoe ny rindrina aza manan-tsofina dia ny hoe: Inona no mason-tsviana nifantenanana ny kandidà na ny mpanohana ny fanjakana, na ny taty amin'ny hery fanoherana? Faharesen-dahatra ve ? kinamanamana ve ? nisy tambiny ve? Amin'izao fotoana izao kosa efa mifankahafantatra avokoa ny kandidà avy amin'ny antokon'ny mpitondra sy ny an'ny mpanohitra, hifanandrana amin'ny 29 mey, amin'ny distrika rehetra manerana ny Nosy. Tsy tokony hohadinoina ihany koa anefa fa misy ireo kandidà mirotsaka amin'ny anaran'ny tsy miankina, izay misy amin'izy ireo narotsaka hanaparitaka vato na hamitahana ny mpifidy. Paipaika mety ho ady fiady ihany, nefa...Antenaina fa hahay hanavaka ny vary sy ny tsiparifary ny mpifidy ary indrindra tokony ho mailo manoloana ny pôlitika maloto. Na dia mbola tsy vita aza ny fifidianana dia efa azo vinavinaina kosa hoe: Iza no halam-bahoaka ary iza no mamy hoditra ? Saingy ny fanontaniana manitikitika ny saina dia ny hoe : Handeha araka ny tokony ho izy sy hanara-dalàna ve ny fanomanana sy ny fananterahana fifidianana. Mbola tsy manomboka ajory mantsy ny lalao dia efa maro ny fitarainana milaza fanaparam-pahefana ataon'ny tompon'andraiki-panjakana sasantsasany, noho ny baiko midina. Santionany amin'izany ny nambaran'ny depiote iray, nanao antso amin'ny manampahafana isan-tokony handray andraikitra, manoloana ny tsy fanarahan-dalàna. Hisy hihaino ve ?

**Voahangy Rakotozafy**

## Ministry ny Fampianarana Ambony

# Nanome lanja ny fifampiresahana, namahana ny olana eny amin'ny oniversite



Ny minisitra mpiahy, faha-11 avy any ankavia.

Toeram-pampianarana ambony folo, farafahakeliny no notsidihan'ny ministry ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa, teo anelanelan'ny fiandohan'ny volana febroary sy ny tapaky ny volana marsa lasa teo. Tsihivina fa ny 15 janoary lasa teo no mandray ny asany amin'ny maha ministry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa azy ny ny Dr Andriamanantena Razafiharison, Anisan'ireo oniversite notsidihiny ny teto an-drenivohitra; ny any Itasy; Soavinandriana; Miarinarivo; Vakinankaratra; Toamasina ; Analanjirifo; Fenoarivo Atsinanana; Toliara. Araka ny loharanom-baovao avy amin'ny minisitera mpiahy dia nanome lanja hatrany ny fifampiresahana tamin'ny sokajin'olona samihafa, mampandeha ny toeram-

pampianarana ambony (mpampianatra; mpandrahara; mpianatra) ny minisitra, nahafahana namaha ny olana eny amin'ny oniversite. Mikasika ny mpampianatra, ankoatra ny fihainoana ny olana sedrain'izy ireo eo ampanatanterahana ny andrainkiny.

### Fitsidihana ireo toeram-pikarohana!

Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia mpampianatra miisa 221, any amin'ny oniversiten'Itasy; Vakinankaratra; Fianaranatsoa; Analanjirifo no nisitraka fiofanana. Tanjona ny hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, eny amin'ny anjery manontolo sady nahafahan'ny samy mpampianatra nifampizara traikefa ihany koa. Mahakasika ny mpianatra manokana dia nahafahana maro ny fampiasana ny

« logiciel » EDUTIC, ahafahan'ny mpianatra mandray ara-potoana ny vatsim-pianarany. Ankoatra izay, voalaza fa tsy nataon'ny minisitra ambanin-javatra ny fitsidihana ireo toeram-pikarohana, eo ambany fiahian'ny minisiteran'ny ampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa, raha tsy hitanisa afa-tsy ny FO.FI.FA. nihainoana ny olana sy ny soso-kevitra avy amin'ny mpitantana hanatsarana azy ireo. Toy izany koa ny fiarovana ny tontolo iainana, tamin'ny alalan'ny fambolena-kazo. Amin'izao fotoana izao, isan'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta kandida Solombavambahoaka any Ampanihy Andrefana ny Dr Andriamanantena Razafiharison.

**V.R.**

## Fahadiovan'ny fifidianana depiote

# Tsy ho tanteraka raha tsy vonona sy mailo ny ekipan'ny fanoherana

Reharehan'ny mpitondra manoloana ny mpiara-miombon'antoka amintsika avy any ivelany sy izao tontolo izao mihitsy ny fisian'ny fifidianana madio ka ho eken'ny rehetra ny vokatra. Ny somary mampianahy anefa dia mbola tsy manomboka akory ny fifinanana dia efa miseho lany ny fitarainan'ny ankamaroan'ny kandidà ny fisian'ny fanaparam-pahefana sy ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny tompon'andraiki-panjakana sasantsasany. Raha ny eto an-drenivohitra aza mitranga izany, inona no hisy any ambany ravin-kazo sy any amin'ny tany lavitra Andriana any ? Ny dikany, mbola ho sarotra, mba tsy hilazana hoe tsy ho tanteraka ny fahadiovan'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina amin'ny 29 mey ho avy izao raha tsy mailo ny ekipan'ny fanoherana. Taorian'ny resaka nifanaovana tamin'ny manam-pahaizana manokana mikasika ny fifidianana dia teboka dimy, farafahakeliny no tokony hahamailo ny kandida avy aty amin'ny mpanohitra, mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana mba hiarovana ny safidimbahoaka.



Biraom-pifidianana ( sary tahiry)

### Tanjona ny hiarovana ny safidimbahoaka!

Voalohany, fanomanana hoenti-manana toy ny vola saran'ny asa hatao sy ny sakafon'ny delege hiasa any anatin'ny biraom-pifidianana any. Eo ihany koa ny fahai-zana misafidy izay ho delege maharesy lahatra sy mifantoka, mba tsy ho voarirarin'ny mpifaninana amin'ny fotoana rehetra. Faharoa, ny fahamaroan'ny solon-tenan'ny kandidà mandritra ny fanisambato ary miandry hatramin'ny farany. Fahatelo, tsy tokony hohadinoina ny fiomanana amin'ny jiro matanjaka, hampiasaina raha sendra

mitranga ny fahatapahan-jiro. Faha efatra, ny fakana sary ny voka-pifidianana (PV), isaky ny biraom-pifidianana ary alefa haingana any amin'ny foiben'ny antoko (QG). Farany, ny fanarahana ny fiara mitatitra ny voka-pifidianana, mandra-pahatonga any amin'ny birao tokony hanaterana izany. Ireo fepe-tra ireo izay marihina fa tokony hotanterahan'ny andaniny sy ny ankilany, mba hiarovana ny safidimbahoaka sy ny tsy hahitan'ny hosoka hirika, mialoha, mandritra ary aorian'ny latsa-bato.

**V.R.**



Fahasalamana

# 18 isanjaton'ny zaza latsaky ny 23 volana tsy vita vaksiny mihitsy

Tamin'ny 2024 manokana, 7 isanjato eo ny tetibolampanjakana natokana ho an'ny fahasalamana ka ao amin'izay, ny 11 isanjato ihany no natokana ho an'ny fanaovam-baksiny.

Araka ny tatitra mikasika ny fanaovam-baksiny nivoaka tamin'ny 2021, ny 18 isanjaton'ny zaza eo anelanelan'ny 12 hatramin'ny 23 volana tsy mbola nanao vaksiny mihitsy hatramin'ny nahavelomany. Ny 38 isanjato kosa vita vaksiny tanteraka ka 55 isanjato amin'izany eny amin'ny tontolo andrenivohitra ary 35 isanjato amin'ny tontolo ambanivohitra. Anisan'ny antony iray mahatonga ny ray aman-dreny malaina mampanao vaksiny ny zanany ny tsy fahafantarana. Eo ihany koa anefa ny honohono izay mahazo laka be indrindra eny anivon'ny tambajotran-tserasera ka mampalaina sy mamparisarisa ireo ray aman-dreny ampanao vaksiny ny zanany. Antony goavana ihany koa ny resaka tetibola izay natokana ho an'ny fahasalamana sy ny fanaovam-baksiny. Tamin'ny 2024 manokana, 7 isanjato eo ny tetibolampanjakana natokana ho an'ny fahasalamana ka ao amin'izay, ny 11 isanjato



Ilaina ny fiaraha-mientan'ny rehetra amin'ny fanatsarana ny fanaovam-baksiny eto amintsika.

ihany no natokana ho an'ny fanaovam-baksiny. Maherin'ny 1 isanjato monja no avy amin'ny tetibolampanjakana madiodio ary avy amin'ny mpiara-miombon' antoka toy ny GAVI, Unicef, OMS ny ambiny. Mitovy amin'ny hetsika fanaovam-baksiny iray na « campagne de vaccination » iray izay tetibola natokan'ny fanjakana ho an'ny resaka fahasalamana izay. Nambaran'i Faniry Hantarivivo, PCA an'ny Vovonan'ny firaisam-nim-pirenena HINA fa : « Na dia kely aza ny tetibola dia mbola ambany ny tahampandianana izay tsy mihoatran'ny 50% hatreto. Midika izany fa mbola misy ny fahalemena amin'ny fitantanana. Hiditra ao anatin'izay haitaky

amin'ny fanaovana vaksiny izay ny HINA satria ao anatin'ny 1 000 andro voalohan'ny zaza ny fanaovana izay. Miantoka ny ho avin'ny zaza iray, ka hahafahany mitombo sy mivelatra araka ny tokony ho izy ny fahazoana fahasalamana araka ny tokony ho izy. Miaramiasa amin'ny CCOC izay mamokatra antontanisa amin'ny fanadihadiana amin'ireo faritra 8 iasana dia i Sofia, Betsiboka, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Boeny, Fitovinany, Sava, ary Atsimo Atsinanana. Ilaina ny antontanisa avoakan'izy ireo mba hahafahana manohy ny asa na manatsara ny fomba fiasa. Eo ihany koa ny tambajotra Nosyw izay misy atleta, mpilalao baolina kitra miampy ny

ambasadaon'ny Nosy any amin'ny faritra. Hiasa amin'ny tambajotra izy ireo ka tanjona ny hanentanana sy hampahafantatra ny lanjan'ny fanaovam-baksiny amin'ny olona rehetra. Vatsian'ny Global Health Advocacy Incubator. Mba hanatrarana ny tanjona, hisy ny fanentanana sy fampahafanarana amin'ny haino vaky jery, hiparitaka amin'ny sehatra nasionaly sy rezionaly ny haitaky, ho dinihina manokana ireo atontan-kevitra sy atontan'isa mikasika ny vaksiny ary ho tohizana ny fanafanana ireo tanora ambasadaoro ary ny fanamafisana ny fahaizamanaon'ireo OSC isam-paritra.

Nath

Run and Bike

# Mifarana amin'ny sabotsy ny fisoratana anarana

Herinandro sisa dia ho tonga ilay hetsika « Run and Bike, stop aux viols » izay karakain'ny fikambanana Tao ny 21 aprily 2024 eny Ambohibe. Mifarana amin'ny fomba ofisialy amin'ny sabotsy 13 aprily ny fisoratana anarana amin'ity andiany faha 4 ity. Mazava be ny tanjon'ny fikambanana sy ireo mpiara miasa rehetra amin'ity hetsika ity dia ny hiantsoana ny rehetra hampitsahatra ny herisetra aranofo sy fanolana atao amin'ny ankizivavy sy zazavavy. Tsihivina tokoa mantsy fa zaza telo hatramin'ny 6 isan'andro no voaholana eto Madagasikara. Ny tena olana, mifara amin'ny fahafatesana izany herisetra izany matetika, na mitondra takaitra mandra-maty indrindra raha zazavavy kely no niharany. Efa manao izay



Simba tanteraka ny ho avin'ny zaza iray aorian'ny fanolanana atao aminy.

fomba rehetra amin'ny fanentanana ny fikambanana maro saingy mbola ireny hita amin'ny vaovao isan'andro ireny ny

loza mahazo ireo tanora zanaka malagasy. Tsara ho fantatra ihany koa fa misy amin'ireo niharan'ny voina no

tsy mahafantatra ny zony, tsy mahay izay toerana tokony haleha na ny fikambanana afaka mihaino azy ireo ny ankamaroany. Antompisan'ity hetsika Run and Bike ity ny hampaneno lakolosy indray, hanao haitaky amin'ny tomponandraiki-panjakana isan'ambaratonga amin'ny fepetra tokony ho raisina eo anoloan'ny fanolanana miantan'ny zazavavy na ankizivavy. Mizara telo ny hazakazaka atao ka misy ny diontongotra 2km, 10 km ary 20 km. Manan-tsafidy tsara ny rehetra amin'io fandraisan'anjara io ary azo atao ny mifandray na misoratra anarana amin'ny mail admassociation.tao@gmail.com na amin'ny alalan'ny tambajotra Facebook Association Tao.

Nath

Bodo

# Manome toky fa hijery manokana ireo marefo



« Fanapaha-kevitra mankadiry no noraisiko rehefa avy nifampiresaka tamin'ireo ray aman-dreny aho. Mahavaky fo ny zava-misy, tsy misy malagasy na iray aza tsy mikaikaika amin'ny vidim-piainana. Miasa saina ho amin'ny ho avin'ny taranaka ka mitondra anjara biriky amin'izany. Noho ny ady politika sy ady seza anefa no anton'izao rehetra izao. Ireo tsy manan-tsiny sy marefo ary ireo sembana indrindra ireo ankizy sy vehivavy no mizaka ny tsy eran'ny aina. Ireo

Tsy manao rano nodikaina zinga na maniratsira an'i Dada sy i Neny fa nangataka tsodrano aho, hoy i Bodo.

mpanao politika migalobona anaty bodofotsy mafana tsy mahita ny fahorian'ny vahoaka. » hoy i Bodo Razafindrazaka, kandida solombavambahoaka ao amin'ny boriborintany fahatelo raha nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly. Tsy manao rano nodikaina zinga na maniratsira an'i Dada sy i Neny fa nangataka tsodrano aho hoy i Bodo raha nisafidy ny hirotsaka amin'ny anaran'ny tenako manokana. Tsy mivoana anefa fa mitohy hatrany ny tolona sy ny fitakiana ary ho an'ny firenena iray manontolo no hijoroanay ankehitriny. Mijoro mba ho solombavambahoaka marina ka tsy hijanona hitaky ny rariny sy ny ara-dalana.

Efa 35 taona tao anatin'ny tontolon'ny zavakanto i Bodo ary mahay bebe kokoa mikasika izany soatoavina izany. Efa nitana andraikitra ambony teo anivon'ny minisitera ihany koa tamin'ny 2002 ka mahay ny fijalian'ny mpiasampanjakana. Mpandraharaha izy ary mahafantatra ny sehatra sy ny vesatra sedrain'ireo malagasy maro maniry ny hivoatra indrindra ny sandan-ketra izay indrindray mihoa-pampana. « Voapoizina ny kolontsaina ary nisintaka ny sata repoblikanina isika, nidiran-doza ihany koa ny fandraharahana ary very ny rariny. Lehibe sy niaina ary mandraharaha ato amin'ny boriborintany fahatelo aho ary mahita ny zavatra iainan'ny rehetra satria tsy mifanaraka amin'ny vola ampidirina amin'ny fitondram-panjakana ny tamberina tonga amin'ny vahoaka. » Tanjona amin'izao firosahany izao ny hanohy ny tolona fanarenana sy fanavotana ny firenena ao anatin'ny fifaninanana masina. Zava-dehibe ho an'i Bodo ny fananganana firenena manara-dalana ary hitondra anjara biriky amin'izany izaho, isika ary izahay. Miradia amin'i Bodo anaty ny ekipany i Lanto Ravoavaha izay mpitantana orinasa sy i Mme Koly mpandraharaha ao anatin'ny sehatry ny fitaterana.

Nath



Nanotrona ny Kandida Bodo sy ny ekipany ny Team Longin.



## Analakely

# Sarona ny bolongam-bolamena roa tsy ara-dalàna milanja 450 g

Nalefa any amin'ny

Banky Foiben'i

Madagasikara mandra-piandry ny valin'ny fanadihadiana.

Mahazo vahana ny fitrandrahana harem-pirenena antokosoko. Sarona tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny bolongam-bolamena miisa roa, milanja 450 grama (g) mahery. Tao amin'ny tranom-barotra iray teny Analakely no nahatratrarana ireo volamena ireo. Tsy nanana taratasy mazava amin'ny fitazonana sy ny fitondrana ary ny famarotana azy ireo ny tompony. Angombaovao avy amin'ny polisy misahana ny harena an-kibon'ny tany niampy ny fiaraha-miasa tamin'ny polisympirenena avy amin'ny kaomisarian'ny Borinborintany fahadimy Mahamasina no nahatratrarana ity tranga ity. Tsara ny kalitaon'ireo vola-



Ireo bolongam-bolamena roa tratra. (Sary nindramina)

mena, satria rehefa nalefa notiliana tany amin'ny laboratoara dia fantatra fa manana ny taham-pahadiovana mihoatra ny 98 isanjato. Efa nalefa any amin'ny Banky foiben'i Madagasikara ireto volamena ireto mandra-piandry ny valin'ny fanadihadiana. Nanao antso

avo tamin'ireo mpandrahahana ao anatin'ny seha-pihariana volamena sy ny olom-pirenena tsotra ny tale mian-draikitra ny polisin'ny harena an-kibon'ny tany mba hizara vaovao sy hitoroka ireo tranga mampiahiahy momba ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

mba hahafahana manatanteraka ny fitsirihana ifotony sy ny fandraisana andraikitra. Manentana ireo mpisehatra koa ity farany mba hiroso sy hiditra ao anatin'ny ara-dalàna mba ho antokin'ny fahamarinan-toeran'ny asany.

R. Muray

## Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

# Nanaovana ady hevitra tany Benetsy

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Tamin'ny 3 avrily lasa teo, nisy ny famelabelarankovitra narahina ady hevitra nokarakarin'ny tetikasa Taratra avy amin'ny Fiombonamben'ny Evekan'ny fiangonana katôlika, tao Benetsy, kaominina Ankilimalinike, distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana. Niompina tamin'ny lafiny lalàna amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ny lahadinika, indrindra fa ny zo sy ny andraikity ny mpitrandraka, ny Governemanta, ny vondrom-piarahamonina voakasika. Nandray anjara mavitrika tao anatin'ny ady hevitra ireo mponina avy ao Benetsy, izay fokontany voakasiky ny fitrandrahana fasimainty ataon'ny tetikasa Base Toliara. « Ny tena tombony dia ny fahafahana mampivory ireo mpisehatra manana fomba fijery samihafa mba hahafahana mitady marimaritra iraisana. Eo koa ny hisitrahana ny vahoaka ny tombontsoa entin'ny fitrandrahana amin'ny maha tombontsoa iombonana azy. », hoy Rahalahy Emmanuel, mpandrindra ny tetikasa Taratra.



Nahaliana ireo mponina ny ady hevitra.

### Naka ohatra

Iaraha-mahalala fa tao Benetsy no nisy ny foiben'ny fanoherana ity tetikasa fitrandrahana fasimainty ity tany am-boalohany. Nanome fahazavan-tsaina ho an'ireo mpandray anjara araka izany ny famelabelarana feno mikasika ny lalàna mifehy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Voaresaka ikibon'ny tany sy ny tombony entin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Voaresaka ikibon'ny tany sy ny tombony entin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Voaresaka ikibon'ny tany sy ny tombony entin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Voaresaka ikibon'ny tany sy ny tombony entin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

nalalala ny zony avokoa ireo mpisehatra rehetra nandray anjara tamin'ny ady hevitra, indrindra fa ireo vahoaka. « Afaka namantatra ireo tokony ho fantatra rehetra ao anatin'ity sehatra ity izahay teto. Afaka mandroso amin'ny alalan'ny fahalalana azo teto izahay. Ohatra, raha ampiasain'ireo mpitrandraka ny taniko dia tsy maintsy manao fifanarahana amiko izy ireo. Tsy maintsy mamita hatramin'ny farany ny pitsopitson'ny fifanarahana izy ireo mialoha ny hampiasana ny taniko. », hoy Tsivesy Ernest, mpandray anjara

tamin'ny ady hevitra. Kendren'ny fiangonana katôlika amin'ny alalan'ny tetikasa Taratra ny fampivondronana ireo mpisehatra rehetra andaniny, ary ny ady amin'ny fahantrana amin'ny alalan'ny fampahafantarana ireo tombontsoa sy fiantraikan'ny tetikasa goavana any amin'ny vahoaka. Hitohy any Belalanda, kaominina Maromiandra, ny ady hevitra manaraka. Mbola hitety an'i Soalara, St Augustin, ary Toliara aorian'ny ao Belalanda.

R. Muray

## Taratasy ho an-dRamala

### Nahita ny maizina !

Any Ramala,  
Vahoaka an-tapitrisany maro no faly fa nahita ny maizina Ramala ! Mety ho gaga ianao mandre izany. Marina io Ramala fa tsy mba sarisary teny na ohabolana toy ny mahazatra fanoratra ho anao eto fa tena ara-bakiteny. Maizina ny tany aman-danitra amin'ny andro antoandrobenanahary izao ! Ny andro alatsinainy teo no nisehoan'io tamin'ireo tanàn-dehibe vitsivitsy tany Andafy tany. Efa fantatra fotoana ela tany aloha ny hitrangan'izany tamin'io andro io amin'ireo tanàna sy faritra voatondro hany ka olona an-tapitrisany no efa niomana sy nanaraka azy tany amin'ireo tanàna sy faritra nisehoany. Misy mihitsy aza moa Ramala olona sasany nahavita nandany vola niala avy any amin'ny tanàna sy toeran-kafa onenany tonga hijery izany fotsiny. Tsy vitan'izay fa nandeha koa ny tsena fivarotana ireo karazana solomaso manokana fijerena azy io, toy izany koa ny tseman'ireo trano fandraisam-bahiny. Tsy noho inona no antony fa handeha hijery « maizina » amin'ny andro antoandrobenanahary fotsiny. Faly sy nankafy tokoa ireo afaka nahita azy io. Izany tokoa ny olombelona Ramala. Tsy mety amin'ny olona izany miaina ao anatin'ny aizina na maizina izany satria tsy afaka manao na inona na inona izy ka izany no mahatonga azy mila hazavana na mitady mazava. Indraindray koa anefa rehefa mahita hazavana na mazava foana dia mba te hijery izany atao hoe aizina na maizina izany tahaka ity tranga ity. Tsy mba maizina tsotra mantsy ilay miseho eto fa maizina avy amin'ny antsoina hoe « fanakona-masoandro ». Teo amin'ny dimy minitra teo no faharetan'ny aizina, izany hoe ny nanakonany volana ny masoandro. Mety hisy angamba hanao hoe « àry ahoana no tsy mba hita teto amintsika io tranga tamin'ny alatsinainy io ? ». Marina tokoa izany Ramala, ilay tranga tamin'ny alatsinainy no tsy hitantsika fa isika eto dia efa « nahita ny maizina » foana ary mbola « mahita ny maizina » na miaina ao anatin'ny maizina hatramin'izao. Iaraha-mahita matetika mantsy fa tapaka na tsy mirehitra lava ny jiro mandeha amin'ny herin'aratra vokarin'ilay orinasampanjakana efa fantatsika io. Lasa miverina matetika aza izany ankehitriny eto an-tanàna sady maharitra fotoana lavalava indraindray. Ny any amin'ny faritra aza moa tsy lazaina intsony. Raha mbola ampiana aizina hafa ve izany Ramala tsy ho tonga amin'ilay hoe « Indroa nahita ny maizina... » isika eto ? Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa ho hita eo ihany ny tohiny.

## Ragasy

## Ministira Fomendraza Haingo Nambinina Nanampy ireo zokiolona sy olona sembana

Nidina teny amin'ny fokontany Ampamantanana, boriborintany faharoa, kaominina Antananarivo Renivohitra, ny Ministry ny mponina sy ny firaisankina, Fomendraza Haingo Nambinina Elisette, tamin'ny talata lasa teo. Nijery sy nifampidinika ary nihaino ny hetahetan'ireo zokiolona sy ireo olona manana fahasembanana ny tenany. Samy nahazo ny anjara tandrifany azy avy amin'ity mpikamban'ny Governemanta ity avokoa ireto farany, koa notolorana seza misy kodiarana niaraka tamin'ny vary sy menaka ireo olona manana fahasembanana miisa 50, raha lamba firakotra sy voamaina ny an'ireo zokiolona miisa 240. Nanotrona ny Ministry ny mponina sy ny firaisankina tamin'io fotoana io ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany faharoa. Nahatsiaro ho manana reny mpiahy ireo zokiolona sy olona manana fahasembanana nisitraka ireo fanampiana, ka velompisaorana sy dibo-kafaliana tanteraka.



Fanolorana fanampiana nataon'ny Ministira Fomendraza Haingo Nambinina Elisette.

R. Muray



Eid El Fitr

# Famaranana ny iray volan'ny ramadan ho an'ny mpino silamo

Fankalazana ampahibemaso fa tapitra ny alin'ny talata teo ny fifadian-kanina.

Nifanindra an-dalana tamin'ny fankalazan'ny mpandala ny fomban-drazana ny Alahamadibe, andro tsy niasana kanefa handraisankarama ny "Eid El Fitr", omaly. Fety voalohany amin'ny finoana silamo nentina namarana ny fifehezan-tena sy fifadiankanina nandritra ny volan'ny Ramadan ny "Eid El Fitr". Fankalazana ampahibemaso fa tapitra ny alin'ny talata teo ny fifadian-kanina, ka nanomboka omaly dia afaka misakafy amin'ny antoandro amin'izay ireo mpino silamo rehetra. « Tsy

natao hiserana fotsiny, fa misy fijeren'ny Tompo Andriamanitra ny ezaka nataon'ny tsirairay nandritra izay 30 andro izay. Tamin'ny fotoam-pivavahana notontosaina androany maraina (omaly) no namaliana ny asa nataon'ny tsirairay. Ka manantena mba hahazo izay valisoa izay ny tsirairay. », hoy Ny filohan'ny Fikambanan'ny Silamo Malagasy, Abousoary Saïd Arsène. Fotoam-pivavahana lehibe no nentin'izy ireo nankalaza izany maneran-tany, omaly alarobia 10 aprily. Ho an'ny Fikambanan'ny Silamo Malagasy manokana, dia tetsy amin'ny Mosquée 67 ha no nanatanterahana izany fotoam-pivavahana sy fankaherezana hitodika amin'Andriamanitra izany.

Hafatra

« Tokony hahay hiaramiaina am-pilaminana anatin'ny fahasamihafana isika satria vahoaka iray ihany ny malagasy na dia misy aza ny finoana samihafa. Namafisina tanatin'ny volana ramadan ny fifampitrimbinana ka tokony hamafisina ny firaisan-kina sy ny fifankatiavana ary ny firaisam-po », hoy ny fafatra ny filohan'ny FSM, Abousoary Saïd Arsène nandritra ny fankalazana ny "Eid El Fitr", omaly. Nisaotra ny fitondram-panjakana manokana ihany koa moa ity farany tamin'ny nanekena ho andro tsy fiasana kanefa handraisankarama ny fetin'ny silamo omaly.

Niry R.

Zanandranavalona Anosimanjaka

# Tsy mbola nandingana ary tsy handingana ny Taombaovao Alahamady

Omaly no nankalazaina tamin'ny fomba manetrika teny Anosimanjaka ny « Taombaovao Alahamady 463 ». Ny maraina dia efa samy nandray ny tsodrano sy ny fomba mifanaraka amin'izany avy amin'ny Filohan'ny Zanandranavalona Anosimanjaka sy ireo Raiamandreny manankasina sy to teny ny Ambanilanitra. Anisan'ny fomba tsy misaraka amin'ny fety lehibe tahaka izany ny Famonoana omby, fanomezantsodrano, fizarana solombodiko, fizarana hena, nofonkena mitam-pihavanana, Ny Andriana Alain Eddie Ravelonarivo, Filohan'ny Zanandranavalona Anosimanjaka dia nanamarika fa « tsy tokony hanamaivanana ny kolon-

tsaina amin'ny fiverenana andoharano isika ka isan'izany ny fanamarihana ny Alahamady izay miainga amin'ny fanisanandro tamin'ny Mpanjaka Ralambo sy ny Mpanandro Habib hatramin'ny 1575». Tsy mbola nandingana izany ary tsy handingana ny hoavy rehetra ny Zanandranavalona Anosimanjaka raha ny fanazavana. Tamin'ity taona ity dia nifanindrandalana tamin'ny famaranana ny Ramadany fety silamo ny Taombaovao Alahamady. Tsy nilaina nangatahana ho andro tsy fiasana tahaka ny nataon'ny teo aloha izany satria andro manana ny hasina. Tsihivina fa noho ny fifanarahana tamin'ny tsoa-kevity ny foko 22 ny

taona 2017 vao novana ho Taombaovao eto Imerina ny fanamarihana teny Anosimanjaka, raha "Taombaovao Malagasy" hatrany no niantsoana azy hatrizay. Marihana fa ny telo andro no nanamarihana ny taombaovao Alahamady araka ny fomba mahazatra. Ny Talata hariva teo nanomboka tamin'ny 9 ora ny Arendrina, omaly fankalazana ny taombaovao ary hamaranana azy anio hanomboka amin'ny 10 ora maraina ny hiragasy lehibe hihaonan'ny Tarika Emilson « tsy maka lagy » avy any Arivonimamo sy Rafara JHasuimanga Georgine avy ao Ambohimandroso.

Tiaray R

## Teny rehetra teny



Nandritra ny fotoam-pivavahana lehibe namaranana ny fifehezan-tena sy fifadian-kanina na " Ramadan " ho an'ny mpino silamo ao amin'ny Fikambanan'ny Silamo Malagasy (FSM) teny amin'ny Mosquée 67 Ha, omaly.



Tanteraka teny Anosimanjaka Ambohitrimanjaka omaly ny fankalazana ny faha-463 taonan'ny Alahamadibe ho an'ireo mitonona ho Zanandranavalona.

Ny Filoha vaovao hodidinin'ireo olobe isan-karazany.



Sarisary zary tenany

Vonoy Hatsikana an-tsary

Mangovitra



Masoandro iposaka

SALAMO 97:2-3

Fony tsy mbola ary ny tendrombohitra, Na voafonao ny tany sy izao rehetra izao, Dia Andriamanitra Hianao hatramin' ny taloha indrindra ka mandrakizay. Mamerina ny olona ho amin'ny vovoka Hianao Ka manao hoe: Miverena, ry zanak'olombelona.

Indray mipika




Nanantontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Tantara mitohy mpirahalahy



Chabolana



Aza manao tompony mangataka atiny.

Ne faites pas comme le propriétaire (du bœuf) qui demande qu'on veuille bien lui donner le foie.

Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3217

	8			2				
9	5	4			3			6
			4					8
4								7
7	2		1			8	9	
	6			7			3	
						5		9
					1		7	
				5				2

Valin'ny laharana 3216

6	7	4	5	2	3	1	9	8
1	3	8	7	9	6	4	2	5
9	5	2	8	4	1	7	3	6
7	9	3	2	6	4	5	8	1
4	6	5	1	8	9	2	7	3
8	2	1	3	7	5	6	4	9
5	1	9	4	3	2	8	6	7
2	8	6	9	1	7	3	5	4
3	4	7	6	5	8	9	1	2



TENY MIAFINA N° 816

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Grid of letters for Teny Miafina N° 816.

06 litera

Val in'ny teny miafina 815 : RAMEVA

VALIN'NY

Kakuro 815 grid with numbers.

VALIN'NY

- List of words for Valin'ny Teny Mirandrana Lah. 7841.

LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany.

ORDNORATTI
AAAKAVARIN
VNNVTFFAAI
AOIIIIONNA
HNAPPNDIFR
IDEMMOAOKA
NRODAAILOO
IIRKNNTTAV
NAAAAAGIRR
IAAILIMAMA

- List of words for Lalao: Telomiova.

- Valin'ny lalao omaly : - TANORA - AFARA

NY TONONANDRONAO ALAKAMISY 11 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

ASA: Vitanao foana io rehefa mavitrika tsara ianao. FITIAVANA: Mila miresaka tsara ianareo anio.

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Ampio ny hafa raha toa ka zava-bitanao no hitrainany aminao. FITIAVANA: Fakan-tahaka tokoa ianareo roa.

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Aza mihevitra oe ianao ireny no miady mafy amin'ity fiainana ity. FITIAVANA: Fantaro ireo zavatra tiany ary tolory azy izany raha toa ka mbola vitanao.

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Asa vita no hitsarana anao. FITIAVANA: Aza avela hiady ireny izy fa mila anao mba ho eo anilany.

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Mila manao fiakanjo maontina ianao mba ho fanajanao ireo mpiaramiasa ary indrindra ny lehibe anao. FITIAVANA: Teo izy taloha tsy notia-inao fa rehefa eny an-kafa izy vao tsiriirinao.

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

Aza menatra mifona ianao raha nisy ny tsy nety nataonao tao amin'ny toeram-piasanao.

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Maro tokoa ny tsara saingy tsy misy ny toa azy. Ka tiavo izy.

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Ahita fahombiazana lehibe ianao anio. FITIAVANA: Aza manahy ny aminy akory ianao fa efa ianao no tiany.

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Mila mihezaka mikaroka tsara kokoa nohon'ny efa vitanao hatrizay ianao. FITIAVANA: Efa niezaka nanao izay vitanao ianao fa rehefa tsy tamana izy dia omeo lalana.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Matoa ianao miasa dia ho anao ihany izany ka aza atao kilalao izy io. FITIAVANA: Aza mihaino ny fanakianana misy eo amin'ny fiarahamonina ianareo roa.

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

ASA: Aza kivy amin'ny olana mitranga ianao fa mbola lavitra ny lalana ho diavinao. FITIAVANA: Aza manatena ny hiverina amin'ny lasa ianao fa banjino ny ho avy.


Adizaosa 16 martsa - 14 aprily

Mila manampy ny mpiara-miasa aminao ianao anio raha efa mba mahafehy kely ny asa ihany.

TENY MIRANDRANA Lah. 7842

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

- List of words for Teny Mirandrana Lah. 7842.



KAKURO 816

Kakuro 816 grid with numbers.

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

Mathematical puzzles for Hafatra Miafina.

Valin'ny lalao omaly


DABAM-PAKO LEHIBE NO NAMPIASAIKO

TENY MIDINA

- List of words for Teny Midina.



Valin'ny TENY MIDINA omaly

- List of words for Valin'ny Teny Midina omaly.




DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



TONDRO-TENY



Valin'ny tondro-teny omaly


- List of words for Valin'ny tondro-teny omaly.

MAHASOA

Tsy tian'ny bibikely toa ny moka tokoa mantsy ireny citron ireny azonao atao ny mametraka azy eny amin'ny varavarakely eny, mba tsy hidirany moka, azonao atao koa ny mikosika hoditra citron amin'ny vatanao.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : DITRAKO + NAFOIKO + LANIANA = TRAFONI

RESAK' HEHY section with text and vertical text.



## HOTSAKOTSAKOINA

"Ny tsirairay dia samy manana ny hanitra voatokana ho azy, fa tsy voatery hifaninana amin'ny hafa. Raha tianao ny ho tafita sy hahaleo tena dia hatsaralo aloha ny omaly hahafahana manidina. "  
Ny Vetso (18.10.16)  
("Une fleur ne pense jamais à être en concurrence avec la fleur qui est à côté d'elle. Une fleur s'épanouit, c'est tout ! ")

## Maintirano

## Tokantrano notafihana 10 lahy nitam-basy, olona 2 lasa takalonaina

Tokantrano iray tao Ampasimandroro, kaominina Maintirano no notafihana jiolahy miisa folo nirongo fiadiana ny Talata alina lasa teo. Tonga dia niditra an-keriny tao amin'ilay trano avy hatrany ireo jiolahy rehefa avy novakiany ny varavarana. Taitra ny tompon-trano raha nahita ireto jiolahy tafiditra ny efitranony. Norahonan'ireo jiolahy tamin'ny basy anefa ireo rehetra tao an-trano sady notereny hanoro ny toerana misy ny vola. Niezaka nanohitra ihany ilay renim-pianakaviana saingy tonga dia nasian'ireo jiolahy tamin'ny antsy ka naratra mafy. Tsy sahy nanao na inona na inona intsony ny rehetra teo anatrehan'izany fa dia nanaraka ny baikon'ireto olon-dratsy. Nanaram-po tamin'ny fandrobana amin'izay ireto farany ka lasan'izy ireo avokoa ny vola an-tapitrisany tao an-trano niaraka tamin'ny finday sy ny firavaka sarobidy.

Norobain'ireo jiolahy avokoa ny vola sy ny zavatra lafo vidy tao an-trano.

## Mbola tsy hita

Tao anatin'ny fotoana fohy no nanatanterahan'ireo jiolahy ny asa ratsiny. Rehefa azony izay notadiaviny dia nivoaka ny trano izy rehetra saingy talohan'ny nandehany dia nentiny an-keriny nanaraka azy ny olona iray tao an-trano niaraka tamin'ny zazakely nataony takalonaina. Raha ny vaovao voaray hatrany dia mbola tsy hita ary tsy nahazoam-baovao hatramin'izao ny nitondran'ireo jiolahy ireo olona roa ireo. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy. Efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly ihany koa ilay ramatoa noratrain'ireo jiolahy.

R.C

## Nahandro

### Lasopy au " pistou " vazaha

Zavatra ilaina : tsaramaso lena ½ kapoaka, tsaramaso maina ½ kapoaka, tsaramaso mena ½ kapoaka, korzety 1, karoty 2, ovy 6, voatabia 3, tongolo gasy 6, tongolo be 1, paty 250g, bazi-lika 3, menaka, fromazy 100g  
Voasy ny ovy sy ny karoty dia tete-ho madinika. Torak'izay koa ny korzety ka ataovy anaty vilany. Raraho menaka sy bazi-lika, sira sy dipoavatra dia asio rano ka ampangotrahay. Rehefa nandra-hoina 20 mn dia arotsahy ao ny tsaramaso rehetra dia andrahoy hatrany. Avy eo ny paty rehefa nandrahoina 1 ora eo. Maka ovy efa akaiky ho masaka dia potsero miaraka amin'ny tongolo-lobe, voatabia, tongolo gasy, bazi-lika, menaka ary sira sy dipoavatra. Afangaro amin'ny lasopy rehetra io dia andrahoy ho malemy tsara. Rehefa haroso anaty lovia dia raraho fromazy. Hanina mafana fa tena mahasalama.

## MANAMPY ANAO

### Permanences 06 avril au 12 avril 2024

PHARMACIE DE GARDE  
ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7  
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61  
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86  
- NANISANA - Nanisana ladiambola arrêt bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29  
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50  
- MAHAVOKY - Androvoahangy 020 22 255 51/034 89 056 09  
- IARIVO - Anolakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06  
PÉRIPHÉRIE D'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7  
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84  
Grazia - Itaosy - 034 67 733 62  
Anosizato - 020 22 631 43  
Ambohivoo - 020 22 482 64  
Avaradrano - Analamahitsy - 020 22 423 65  
Ambohitsy - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94  
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51  
Hasin'ny Aina - Mandrozeza - 034 99 776 21  
Ivato - 020 22 442 95  
Ambohidratrimo - 034 29 358 45  
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94  
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03  
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64  
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30  
Ambohimagakely - 034 25 372 52  
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75  
Fititavana - Ankadikely - 020 22 436 33  
Amaronakona By Pass - 034 36 115 15  
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67  
Ankadindratrimo - 032 82 588 02/034 02 588 02  
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25  
Abondance - Ifariby Ankarobato - 034 75 214 36  
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47  
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07  
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23  
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42  
Soa Ny Aina - Tsarahonana - 034 31 018 20  
MA Pharmacie - Ambohijanka - 032 11 102 11  
Ankarobato en face CSBII - 034 64 330 62

## A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52  
ANTANIMENA TEL 22 303 86  
TALATAMATY TEL 22 588 51  
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

## AMBULANCE

SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA  
TEL: 0349023555 / 0334823555  
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22  
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24  
TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73  
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69  
- CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical)  
TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28  
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO  
TEL 033 11 313 85  
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA  
TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11  
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO  
AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)  
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60  
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM - 01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## Hafari Malagasy

## "Mila solombavambahoaka mahalala sy manakaiky azy ny vahoaka"



(Tahirin-tsary)

Nisarika ny sain'ny rehetra mba hahay hisafidy amin'ireo kandida mirotsaka hofidina solombavambahoaka ny filohan'ny fikambanana Hafari malagasy, Jean Nirina Rafanomezantsoa. « Lasa fampisehoana vola sy harena ny fifidianana eto amintsika, fa tsy miroso amin'ny tena fampandrosoana an'i Madagasikara. », hoy izy. Nomarihin'ny fa tokony ho tomponandraikitra feno

amin'ny disitrika naha-lany azy ny depiote iray, fa tsy hoe : mpanao lalana fotsiny. Mila mahafantatra ny olan'ny vahoaka sy manakaiky vahoaka ny depiote ary tokony hahavita miaro amin'ny olana rehetra zakain'ny vahoaka ao amin'ny distrika naha lany azy. « Na ady tany, na ady mivady, sns, tokony ho voavahany », hoy izy. Notsiahivin'ity filohan'ny Hafari Malagasy ity, fa ny

solombavambahoaka no mandany ny lalana amin'ny tetibola-panjakana. Izy ireo no manery ny fahefana mpanatanteraka raha misy lalana simba, paompy tokony ilaina, sns. Mitantana volambahoaka ny depiote amin'ny CIAD ary mpanapakevitra ao anatin'izany. Araka izany, tomponandraikitra feno ny depiote ireo fa tsy mpanao lalana fotsiny.

Niry R.

## TELEFAONINA ILAINA

## HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO  
TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55  
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72  
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIG TEL 23 397 51  
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79  
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93  
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30  
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11  
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54  
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHAHA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 /

033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64

- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)

- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38

- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94 / 033 11 058 00

- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82

- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDROVOAHANGY TEL 033 16 028 62

- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)

- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70

- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)

- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

- ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911

- CARE &amp; MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

## AROVY CLINIC

- ATRIUM ANKORONDRANO  
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

## POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86  
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

## POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

## COMMISSARIATS

- 1<sup>er</sup> ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54  
- 2<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46  
- 3<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30  
- 4<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51  
- 5<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48  
- 6<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52  
- 7<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29  
- 8<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE TEL 22 493 25  
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46  
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## Gazetiko

Novokarina sy natontani  
MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana

manana renivola

Ar 37 452 000

Tale jeneraly :

Jeremy RABESAHALA

Talen'ny Fanoratana :

Lucien RAHARISON

034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady

Tonian'ny Fanoratana :

Herivonjy RAJAONAH

034 34 697 10

Biraosy fandraharahana :

Lalana Ravoninahitriniarivo

B.P. 1414 - Antananarivo

Tél : 038 34 344 34

Fax. 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

D.L.I : 16 628 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000



TSIPAKA

Nitana ny sain'ny maro my nitranga nandritra ny fiadiana ny amboaran'i Madag ara ho an'ny taranja Tsipy kanetibe farany teo iny.

Enga anie!

Na dia vita aza ny fifaninana dia nivoaka my fitorian'ny ABMI iny, izay inoana fa tsy ataon'ny federasiona mandalo fotsiny. Mety hiankina amin'ny fanapahankevitra horaisin'izy ireo eo tokoa no hamaritra indray ny lalana ho antsika, indrindra amin'ny sehatra Iraisam-pirenena. Raha ny fantatra, dia hampiakatra ny raharaha any amin'ny rafitra ambonimbony kokoa ry zareo klioba mpitory, raha tsy mahazo rariny amin'ny fitoriana nataony izy ireo. Raha ny vaovao voaray anefa, andro sisa no isaina, dia hamoaka ny fanambarana fanalana ny sazin'i Madagasikara ny FIPJP, izay anatin'ny fanaovana ny tombana farany. Tena ohatra ny fifanandrian-javatra tokoa my tranga tany Antsirabe iny, izay adina farany ihany koa ho an'ny FSBM. Inoana sy azo antoka, fa hijery amin'ny hitsiny sy rariny izy ireo ka tsy ho sanatria lasa sakana na hametraka olana ho an'ny tontolon'ny Tsipy kanetibe eto amintsika indray ny fanapahankevitra horaisiny, fa handamina ary ho hitan'ny federasiona Iraisam-pirenena, fa tena mahay mitantana ireo mpikambana notendreny hiandraikitra vonjimaika ny fitarihana ny FSBM, izay efa ela niaretana.

Rabenaivo

PASI PASI

Razakasoavina Eugène

Niampita tamin'ireo taranany ny fanaovana Spaoro

Anisan'ny mpanao fanatajahantena nanana ny toerany izany Razakasoavina Eugène, na dia tsy eo intsony aza izy, nandimby azy ireo taranany. Razakasoavina N.Mbolanantenaina zanany no nitondra fanazavana mampahafantatra ny fianakaviany amin'ity PASI PASI anio ity.

Gazetiko : Anaran'ny dada-nao feno

RNM : Razakasoavina Eugene.

Gazetiko : Firy taona izy dia mbola manao spaoro ve dia inona ilay spaoro atao ?

RNM : (Efa tsy eto intsony izy, izay filohan'ny ligy badminton tamin'ny taona 1989 teo. sady mpitsr iraisam-pirenena tamin'izany.

Gazetiko : Nanomboka firy taona izy no nanao spaoro (ilay taranja io) ?

RNM : Nanao Lawn Tennis sy badminton nanomboka 1987, niezaka nampirobobo azy io tamin'izany ry anisan'ny nitsara tamin'ny Lalaon'ny Nosy 1990

Gazetiko : Firy ny zanany, iza avy dia manao spaoro daholo ve ?

RNM : Dimy mirahalaha izahay no zanany, 3 lahy no nilalao Badminton niaraka tamin'ny Dada sy Neny.

Gazetiko : Noterena sa efa tao anatin'ny ran'ny zanany nyspaoro ?

RNM : Izy mivady sy ny zokiko mirahalaha samy nitsara Lalaon'ny Nosy 1990. Ny zokiko, Razakasoavina Lalalamahefa D., nanao Jioi 1998, 2003. Izaho indray no Razakasoavina N.Mbola Nantenaina. Nanomboka ny



Tsy misy andro vao maraina sy hariva na asabotsy sy alahady fa miaramikotrana izy mianakavy kely.

« jeux des jeunes 1995 » hoe miaraka manao fanatanjahan-taona Maorisy, tokony niatrika jeux des iles 2003 fa tsy afaka noho ny asa. Nanao arbitre tamin'ny « Internationaux de Maurice » sy « Championnat d'Afrique » tao Maorisy ny taona 2005

Gazetiko : Ahoana izany

ho miaraka manao fanatanjahan-taona ny fianakaviany izany ? RNM : Hafa ihany ny mitrika ny ankizy indrindra ilay ianao mampianatra azy voalohany, mitaintaina ihany hoe sao tsy tiany. Ny tombony hitako dia ny niatre-

hana ireo fampiofanana taloha, na mpitsara io na mpanazatra, izay nanamora ny fampitana tamin'ny ankizy. Izaho rahateo nisy fotoana nijanona noho ny asa, tato anatin'ny 2 taona teo vao niverina indray ary ato amin'ny klioban'ny MB2ALL amin'izao. Ny tombony iray koa mbola misy tokotany azo ilaovana izahay ary ny maraina amin'ny 5ora na ny hariva avy miasa no miaraka amin'izy 3 mianadahy zanako milalao na sabotsy sy alahady. « Surprise » be ho ahy ny laharana faha- 3 azon-dRazakasoavina, zanako voalohany teo amin'ny fiadiana ny tompondakan' Analamanga U13, tamin'ny 2 taona lasa, ( ilay nahita azy nitomany fa resy tsy tafakatra finale, tsy hoe faly fa resy fa ny fhatsapany hoe mila ezaka ny fiainana, dia niady 3eme place avieo ary azony izany. Tompondaka lefitr'i Madagasikara ho an'ny U-15 taorian'io Irina, izay mbola 13 taona. Tamin'ny 2023 kosa dia tompondakan'i Mada izy (15 taona) niatrika ny U-17. Nandritra ny « tournoi MB2ALL » teo dia mbola izy no nahazo ny U-17 lehilahy. Ny zanako vavy tompondaka

lefitr'i Madagasikara U13 tamin'ny 2023. Anisan'ny nampitaintaina anay ny nandehanan'ny Irina tany Chine 2023, niatrika ilay fampiofanana. Ny fisarahana nandeha irery tany ivelany, izy moa ao anatin'ny tontolon'ny skoto eto Analamanga (azo nametrahana fitokisana, fitandremana, fahaleovantena.)

Gazetiko : Inona no fialambolinareo mianakavy ?

RNM : Ankoatra ny Badminton, misy fotoana miara-milomano, mba hanoomezako ohatra amin'ny fitarihana azy ireo sy hanaitra ilay fiainavana ao anatin'ny.

Gazetiko : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakavianana mba hanao spaoro ?

RNM : Mila fiainavana sy fahafoizantena avy amin-tsika Ray aman-dReny io satria ny fiainana miha sarotra, isika mila zanaka vanona hiatrika fiainana. Misy fotoana ianao reraka fa miezaka manao izay ho afaka hatrany rehefa ilain'ny zanaka. Mila miatrika ireny fiofanana, mitaiza zanaka ireny, izay tena nanampy ahy. Apetraho eo ampelatanan' Andriamanitra koa ny fiainan'ny zanakao.

Rabenaivo

Tsipy Kanetibe - " Coupe de M/car "

Notorian'ny klioban'ny ABMI ny UBM tompon'ny amboara

Nitory sady nangataka ny hanesorana tsy ho mpifaninana tamin'ny fiadiana ny amboaran Madagasikara 2024 teo my ny UBM ny klioban'ny ABMI, taranja Tsipy kanetibe. Voarakitra anatin'ny taratasy fitoriana nataony, ny tsy maha-ara-dalana ny mpilalao, Razafinirina Jeannie Alexander. Raha ny vaovao voaray, nilalao tao amin'ny FAM Ambohipo ity mpilalao ity no nifindra tany amin'ny UBM. Teo amin'ny fombafomba tokony ho narahana no voalaza fa tsy nizotra tamin'ny lalana ara-dalana, toy ny sonia izay ny filoham-boninahitra no nanao azy fa tsy ny filohan'ny klioba, teo koa ny tsy fisian'ny sarin'ity mpi-



Tsy sanatria tsy mahazaka resy izahay, hoy ny filohan'ny ABMI fa mila manaraka ny ara-dalana ny rehetra.

lalao ity tao amin'ny karapilalaoavana. Miandry izay fanapahankevitra ny FSBM moa ny klioban'ny Amicale

Bouliste Mandrosoa Ivato, tarihan'ny filohany, Razafinarivo Miarimanana, izay nmanbara fa tsy haniky

ry tsy hijanon min'izao fotsiny fa hiakatra amin'ny sehatra ambonimbony kokoa rha to ka tsy mahazo valiny mahafa-po. Niezaka sy nandany vola izahay, hoy hatrany ity filohan'ny ABMI ity, nikarakara ny zavadrehetra notakian'ny ligin'Analama sy ny federasiona, mba ho ara-dalana. Tokony hampitoviana ny rehetra, hoy izy fa tsy asiana tomo sy ala. Efa nandefasany ity tratasy fitoriana ity teny anivon'ny ligin'Analama, izay mpiahy azy ireo voalohany, andrasana kosa ny avy any amin'ny FSBM, izay tompon'ny fikarakarana tamin'ny fifaninanam-pirenena.

Rabenaivo

AKON'NY FANATANJAHANTENA

Volley - Analamanga

Lavon'ny GNVB seta 3 no ho 0 ny COSFA

Tamin'ny seta 3 no ho 0 (25/20-25/22-25/22) omaly, tetsy amin'ny kianjan'i Betongolo no nivoahan'ny GNVB ho mpandresy nanoloana ny COSFA, tafiditra amin'ny fiadiana ny Tompondakan'Analamanga, taranja Volleyball. Mbola noporofoin'ny Zandary teto fa izy aloha no sangany. Nanamafy izany ny mpanazatra Eric, izay nilaza fa efa resinay daholo ireo ekipa rehetra nandritra my lalao mandroso iny, na izany aza, hohamafisiny ireo lesoka nitranga mandritra ny lalao miverina. Efa nampoizina izany koa ny fandresena ny Miarimila iny, hoy hatrany ity mpanazatra ity. Tombony ho an'ny mpilalao, nahitana an-dry Rojo, Avosoa, Nekenana sy ry Tolotra ny fahaiza-miaraka hany ka niady irery i Willot ka tsy afaka nahazon'ny ekipam-dRaloum sy Saramba fandresena.

Karate - Ligin'Analama

Voafidy ho filoha fly Sensei Pierrot Rakotomalala

Tontosa ny talata lasa teo tetsy amin'ny Lapan'ny Fnanatanjahan-taona Mah filohan'ny ligin'Analama. Seksiona 6 tamin'ny 8, tsy tonga Avaradr niatrika ihy fifidianana ity, izay nandany 100% ny kandida tokana, Pierro Rakotomalala ho filoha. Misaotra ny Seksiona rehetra nanome fitokisana. Mitaky adidy maro izany filohan'ny ligy izany hoy filohan'ny federasiona, Emile Ratefinanahary satria dia fitaratra ny karate eto Madagasikara izany Analamanga izany. Nisaotra ireo rehetra kosa ny filohan'ny ligy, izay betsaka ny asa miandry sy hatao, anisan'izany fanganganana ny ekipany izay tsy ho ela.

Rabenaivo



# TSIAHY / TSIARO

Berthin Andriamiharinosy

## Nampivelatra ny filalaovana ny taranja hand-ball tatsy amin'ny nosy Maurice

Nantsoin'ny federasionina maorisianina i Berthin Andriamiharinosy, niandraikitra ny asan'ny Tale Tekinika Nasionaly tany aminy, izay nampivoatra sy nampiroborobo an'ity taranja ity tany amin'io firenena io.



Ireo mpiara-nisaika taminy tatsy Maurice.

Feno telo taona katroka tamin'ity taona ity ny nandaozan'ny mpanazatra Berthin Andriamiharinosy an'ity tany fandalovana ity (05 aprily 2021). Nametraka tantara teo amin'ny taranja baolina kitra sy ny hand-ball ny tenany, tamin'ny fotoan' andro mbola naha nampilalao azy, tao anatin'ny ekipa tokana sy ny ekipam-pirenena, izay samy niarovsky ny voninahitr'i Madagasikara tamin'ny fifaninanana iraisampirenena. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy fa nisotro ronono, dia nisafidy ny hanazatra ny taranja hand-ball. Tamin'ireo taranja anankiroa ireo dia ny "mailots"-n'ny Association Sportive Saint Michel (ASSM) Amparibe irey ihany

no nialorany. Tsy mba anisan'ireny mpilalao miovaova kolera ireny izy. Teo amin'ny baolina kitra dia nitana ny toeran'ny vodilaharana i Berthin, niaraka tamin-dry Dafy sy Mopera ary Maurice Andriamandranto. Taorian'ny naha voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara 1970 ny ekipan'ny Masindahy, izay nandavo ny Akon'Ambatomena Fianarantsoa tamin'ny isa 3 no ho 2, dia niaro ny voninahipirenena tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika izy sy ry Augustin na Guste "Baovola" rahalahiny ary ry Charlot sy ry Mady. Ara-tantara dia ny fihaonan'ny Masindahy sy ny Akon'Ambatomena no

anisan'ny tsara sy avo lenta indrindra teo amin'ny lalao famaranana baolina kitra, nia-diana ny tompondakam-pirenena, izay nahafeno mpijery hatreny akaikin'ny faritra fandakana "corner".

### Nikopak'elatra, nilalao tany ivelany

Rehefa tsy lasa lavitra tamin'ny fifaninanana afrikanina ny ASSM, dia maro tamin'ireo mpilalao ny nikopak'elatra, nilalao tany ivelany, toa an'i Guste "Baovola, izay mpilalao malagasy matihanina voalohany tany amin'ny ekipan'ny AS Angoulême (L1 / FRA), sy ry Charlot Andriamady ary ry Dafy. I Berthin Andriamiharinosy kosa dia nanantevindaha-

rana ny ekipan'ny ASSM hand-ball, niaraka tamin-dry Guillaume Be sy ry Mohamed Saleh ary Fidèle Razafintsalama, izay nitantana ny federasionina taty aoriana. Nanahirana ny mpifanandrana tamin'ny mihitsy ny nandresy azy ireo, teo amin'ny fifaninanam-pirenena natrehiny. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy, dia nantsoin'ny federasionina maorisianina i Berthin Andriamiharinosy, niandraikitra ny asan'ny Tale Tekinika Nasionaly tany aminy. Nampivoatra sy nampiroborobo an'ity taranja ity tany amin'io firenena rahavavy io ny tenany. Nanara-dia azy tatsy Maurice

ihany koa ny zanany lahy Tillo Andriamiharinosy, nanantevindaha ekipa iray tany an-toerana, ary taty aoriana dia lasa mpanazatra toa an-drainy ihany koa. Raha tsy diso ny fitadidy dia azo lazaina fa i Tillo no mpilalao malagasy matihanina voalohany, nivoaka ny firenentsika tamin'ny filalaovana hand-ball. Ankoatra an'i Berthin Andriamiharinosy, dia lasa nanazatra ekipa maro tany amin'ity firenena ity ihany koa i Maurice Andriamandranto fa saingy tamin'ny taranja baolina kitra kosa indray. Araka ny efa nambara etsy ambonny, dia vodilaharana niaraka nilalao tamin'i Berthin tao amin'ny ASSM i Maurice. Ity farany moa dia miorimponenana tanteraka any an-toerana, ary mbola manazatra ekipa amin'ny baolina kitra hatrany. Niverina teto antanindrazana i Me Berthin Andriamiharinosy, ka dia nanompana ny fiainany tamin'ny fikarakarana sy ny fameloma-maso ny hand-ball, mandra-pikipipin'ny masony. Tsetsatsetsa tsy aritra no anambarana fa hatramin'ny nahalasanan'i Fidèle sy Berthin any amin'ny varo-tsy-mifody, dia toa nangiana tanteraka ny fampiroboroboana an'ity taranja

ity eto amintsika, mba tsy ilazana hoe niara-nodimandry tamin'izy mirahalaha ireo. **Niteraka ady hevitra** Raha asian-teny ny momba ny nahafatesany, dia niteraka fifandirana sy tsy fitovizankevitra teo amin'ny fianakaviany sy ny raim-pianakaviany anankiray, izay niseho ho mahafantatra an'i Berthin sy Jocelyn zokiny ary Guste mirahalaha avy. Nanontany ny fianakaviany ilay namany fa hoe sao dia matin'ny Covid i Berthin, satria ny zokiny Jocelyn dia vao nodimandry tsy elateo alohany. Nanazava tamin'ny fianakaviany fa tsy voan'izany areti-mifindra izany ny rainy sy ny raibeny. Mbola ohatran'ny nalaimpanahy ihany ilay mpanadihady, naneho ny ahiahiny. Nanomboka hatreo no nisian'ny fifamaliana tao anatin'ny tambajotran-tserasera. Marihina fa tao anatin'ny fahamendrehana avokoa ny nanaovana ny fandevenana azy mirahalaha ireo, Tsy avy hatrany dia nalevina, toy ny natao tamin'ny olona matin'ny valanaretin'ny Covid ireny, fa mbola nandrasana tam-bohitra ny razana. Tomefy olona, ary azo natrehina soa aman-tsara ny fandevenana azy ireo. **aris rafaly**

Kitra - Rakotonirina Jean Marie "Datsiry"

## Nisintaka tsy hilalao amin'ny ELGECO Plus intsony

Namoaka fanambarana i Jean Martin Rakotonirina na i "Datsiry", mitana ny toerana vodilaharana (N°14), fa tsy hilalao amin'ny ekipan'ny ELGECO Plus Analamanga intsony. Nanteriny fa noho ny antony manokana, ary ho an'ny tenany samirery no nandraisany an'izao fanapahan-kevitra izao. Nankasitrahany ny mpitantana ny ekipan'Andrefan'Ambohijana hary, ny mpanazatra sy ny tekisihanina niara-niasa tamin'ny izay samy nanome traikefa azy. Ankoatra an'izany dia nisaorany manokana ny mpiara-nilalao tamin'ny tao anatin'ity ekipa ity. Nambarany fa niara-nisalahy sy niara-nihafy tamin'ny tao anatin'ny ekipa ka mahafinaritra ny fiarahana tamin'izany fotoana izany. Eo anatrehan'ny fifaninanana Pureplay Football League 2023-2024, izay hiditra amin'ny andro faha-7 farany amin'izao faran'ny herinandro izao, dia mirary soa hatrany ny ELGECO Plus sy ny ekipa



Anisan'ny mpilalao andrin'ny Elgeco Plus i Datsiry !

rehetra miatrika an'izany ny tenany. Raha nohadihadiana manokana i Datsiry amin'izao fisintahana nataony izao, dia nomarihany fa ny fifanarahana nataony tamin'ny mpitantana ny ekipan'Andrefan'Ambohijanahary dia nanom-

boka tamin'ny 2021 ka hatramin'ny 2022. Taorian'izany dia tsy nisy fanavaozana intsony. Nikatroka tamin'ny ekipan'ny CFFA no nilalovany farany. Raha natambatra izany dia andro efatra tamin'ny lalao fifanintsanana

tao amin'ny PFL no vitany. Nanteriny moa fa misy tsy mazava ny fifanarahana natao ka dia naleony nijanona. **Raikitra indray ny disadisa** Araka izany dia tsy anisan'ireo mpilalao niatrika ny 3FB

Toliary tany amin'ny kianjan'i Me Kitra tany Andaboly intsony ny tenany. Fihaonana izay nisian'ny disadisa ihany koa, fotoana fohy tsy hifaranan'ny lalao. Raha ampatsiahivina ny fizotran'ny lalao sy ny fisian'ny disadisa indray tamin'ny fihaonana iny, dia voalaza fa nitongilana tamin'ny mpampiantrano ny lalao ny mpitsara lalao afovoany. Nisy "penalty" tokony nomena ny ELGECO Plus indroa nisesy, hoy ny mpampita vaovao, fa navelan'ny mpitsara nizotra hatrany ny lalao. "Rehefa tsy nomeny ilay penalty voalohany, izay ni-tackle avy any aoriana, dia tokony nankatoaviny kosa ny fandraisana ny baolina tamin'ny tanana nataon'ilay vodilaharan'ny 3 FB tao anaty surface de reparation. Manginy fotsiny ny fanomezana karatra mavo ny mpilalaoan'i Dekera sy Auguste Raux kanefa ny andaniny dia anankiray ihany no azony". Ny nahatonga ny mpijery baolina

niakatra teny ambony kianja dia voalaza fa : " Nanontany ny ora fanampiny teny amin'ny mpitsara mpanampy teny ambony latabatra ny mpanazatan'ny ELGECO Plus no notsofin'ny mpitsara lalao ny kiririoka, nitsaharan'ny lalao". Tezitra tamin'izany ny mpilalao Analamanga dia nifamaly tamin'ny mpitsara lalao. Tetsy andanin'izany dia nirohotra niakatra teny ambony kianja ny mpijery baolina ka tsy azo notohizana intsony ny lalao. Voalaza fa nafaafana ny rivotra niainana fa soa ihany ny mpitandro filaminana fa niditra an-tsehatra, nandray ny andraikiny, nandamina ny toe-draharaha. Voalaza fa nahafinaritra ny fandraisana andraikitra nataon'i Tony, kapitenin'ny ELGECO Plus, izay nitaona ny sain'ny mpiara-milalao tamin'ny nisintaka ny kianja. Marihina fa nisarakana ady sahala 1 no ho 1 ny ekipa roa tonta. **aris rafaly**